Ny Taovam-panamboloana Ambony

Izaho dia mbola misakafo foana, ihany koa, an'ilay fitahiana aninkeo maraina.

Oh, ilay mihoatra, betsaka, izany dia ireo zavatra tsy fantatra, izay tian'Andriamanitra hatao ho antsika rehefa manangona ny tenantsika miaraka isika! Efa voamarikareo ve fa hatramin'ny nanaovantsika an'ity fanokanan-tena ity ho an'Andriamanitra, dia ahoana no nandehanan'ireo zavatra teto? Fitahiana miampy fitahiana, hery miampy hery, voninahitra miampy voninahitra! Nahafinaritra fotsiny ilay izy. Ary hanohy hanao tahaka an'izany Izy. Ireto mosara ireto, efa nivavaka teo amin'izy ireo aho, raha—raha misy olona iray izay tompon'izy ireo.

2 Ankehitriny te-hiresaka an'izany fotsiny aho, fotoana iray fotsiny na roa, ary voalohany dia misaotra anareo rehetra nohon'ny fanomezana Krismasy tsaranareo, an'ilay palitao sy pataloha izay novidianareo ho ahy. Izany ve no tao amin'ny anao, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Eny, tompoko. Eny, tompoko."—Mpand.] Eny, tompoko. Palitao sy pataloha. Afaka mampiasa palitao sy pataloha foana ireo mpitory teny. ["Antonona ahy tanteraka mihitsy."] Mahafinaritra! Tsara izany. Ankehitriny, tsemboka izy ireo, ary izany hatsembohana izany no manimba an'ireo akanjo haingana kokoa noho ny zavatra rehetra izay fantatro, hitanareo. Ary mila akanjo betsaka mihitsy hihazona mpitory teny iray, ary akanjo tsara. Ho simba mihitsy ny akanjo landihazo mora vidy, vetivety mihitsy. Noho izany, ny—ny palitao sy pataloha tsara tahaka an'izany dia hila akanjo iray ao anatiny.

3 Ary eritrereto fotsiny, manohana sy manome an'ireo akanjo ireo ho an'ny mpanompon'ny Tompo ianareo. Ary ny Tompo hitahy anareo. Hoy Jesosy hoe, "Izay nataonareo tamin'ny madinika indrindra tamin'ireto Rahalahiko ireto, dia Tamiko no nanaovanareo an'izany." Koa noho izany ianareo tsy nitondra mihitsy, nividy palitao sy pataloha iray ho an'ny mpitoriteny roa; nividy pataloha sy palitao roa ho an'i Jesosy ianareo. Ah-hah. Izany no Nolazainy hoe, "Tamiko no nanaovanareo an'izany."

4 Fa ilay fikasihan-Danitra kely, aninkeo maraina, efa voamarikareo ve izany? Tsy nisy antso teny amin'ny alitara, tsy nisy na inona na inona; fa taorian'ilay Hafatra mihitsy sy—sy famelombeloman'ny Fanahy Masina nandro teo amin'ny olona, ny voninahitr'Andriamanitra nihetsika, nanomboka tonga

fotsiny izy ireo, ary nandohalika, nanodidina rehetra. Ary nahamarika sakaizako Batista tena tsara vitsivitsy aho, avy tany amin'ilay Walnut Street Baptist Church, any Louisville, nitsangana teo amin'ny làlantsara, nandro fotsiny tao amin'ny Herin'Andriamanitra. Oh, oadray! Izy ireo, nihaona tamin'izy ireo aho taorian'ny fivoriana, hoy izy ireo hoe, "Izany no Herin'Andriamanitra."

Hoy aho hoe, "Marina izany. Azo antoka fa ianareo . . . Azo antoka fa marina ny anareo. Ny Herin'Andriamanitra!"

5 Ary tsy afaka mahita teny ho lazaina fotsiny ianareo. Tsy fantatrareo fotsiny izay ho lazaina. Ny Fanahy Masina fotsiny no mandray ny fivoriana ka tsy fantatrareo izay Hataony amin'izany. Tamim-pilaminana, tamim-pahamoram-panahy, tamim-panetre-tena, torotoro tanteraka. Oh, Rahalahy Pat, ny Lanitra fotsiny izany, ho ahy. Karazan'ny iray amin'ireo fanao fahiny fotsiny aho izay tia an'izany fihetsem-po izany ao Anatiny, hitanareo.

6 Tahaka an'itompokolahy Paul Rader, nilaza izy tamin'ny . . . Niteny tantara iray izy indray mandeha. Ary nilaza izy fa nipetraka teo amin'ny latabatra izy sy ny vadiny, ary te-handeha tany ho any izy na hanao zavatra, ary nanohy nilaza taminy izy hoe, "Tsy afaka manao an'ilay izy fotsiny aho," sy ny sisa, ary te-hanakana kely azy izy.

7 Noho izany dia nojereny izy, ary niraraka teo amin'ny takolany ireo ranomaso, ka hoy izy taminy hoe, hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny . . ." Nieritreritra tao am-pony hoe, "Ah, raha mora maratra tahaka an'izany izy, dia avelao fotsiny izy hijanona haratra." Noho izany izy, tahaka ny lehilahy iray, toy ny hoe nakombony ny gazetiny ary napetrany teo ambonin'ny loviany izany.

8 Ary nitsangana teo am-baravarana foana izy ka nanoroka azy nanao veloma. Ary avy eo rehefa tonga teo amin'ny vavahady izy, dia nanofahofa tànana azy, ary avy eo dia izany no—izany no nikarakara an'ilay izy, fantatrareo, mandra-piveriny tany amin'ny biraony.

9 Ary noho izany tamin'io maraina io, hoy izy, rehefa nanomboka nivoaka izy ireo, nahoana, ny . . . teo amin'ny varavarana, nahoana, nitsangana teo akaikin'ny varavarana izy, dia nanoroka azy ary nandeha nankeo amin'ny faran'ilay vavahady. Nanokatra ny vavahady, nitodika, ary nitsangana teo amin'ny varavarana izy niaraka tamin'ny lohany niondrika, mbola naratra foana, nilaza fa nanofahofa tànana nanao veloma izy, nilaza fa nanofahofa tànana nanao veloma izy.

10 Nilaza izy fa nanomboka nandeha teny an-dàlambe, ary nanomboka nieritreritra hoe, "Ahoana moa raha hisy zavatra hitranga amiko alohan'ny hiverenako any an-trano, na ahoana moa raha hisy zavatra hitranga aminy alohan'ny hiverenako,

hiantso anay hiala amin'ny sehatra Andriamanitra; ary vehivavy tsara tahaka ny efa naha-izy azy, malemy fanahy toy ny ahoana izy, sy ny sisa?" Ary nilaza izy, arakaraka ny nanalavirany, no vao mainka nanomboka nampibontsina ny fony.

11 Noho izany dia nitodika fotsiny izy ka nihazakazaka niverina, nanokatra ny vavahady, nihazakazaka niditra tao antrano, nanokatra ny varavarana. Ary rehefa nosokafany ny varavarana, dia nandre zavatra nitomany izy. Nijery nanodidina, nitsangana tao ambadiky ny varavarana izy. Nolazainy fa tsy nilaza mihitsy izy hoe "mamelà ahy," tsy nilaza mihitsy izy hoe "miala tsiny aho," tsy nilaza na inona na inona mihitsy izy. Nolazainy fa norambasany fotsiny izy ary norohany indray, nitodika ary nandeha nivoaka. Nolazainy fa nivoaka ny vavahady izy, nolazainy fa nitsangana teo amin'ny varavarana indray izy. Hoy izy hoe, "Veloma." Dia hoy izy hoe, "Veloma," hoy izy, tahaka ny nataony tamin'ny voalohany mihitsy, saingy ny fotoana farany nananany fihetseham-po tao amin'izany.

12 Noho izany dia tahaka an'izany ilay izy, rehefa manana fihetseham-po iray ao amin'izany ilay izy, hitanareo, dia zavatra iray avy amin'Andriamanitra tokoa izany.

13 Ankehitriny tao amin'ilay fanendrena vaovao vao teo, an'ny mpitantan-draharaha vaovao iray, Rahalahy Sothmann. Azoko antoka fa ireo mpitantan-draharaha, sy ny rehetra, dia mahalala tsara ankehitriny, fa, amin'ny fiafaran'ny taonan'ny hetra, amin'ny voalohan'ny Janoary, fa ny biraon'ny fiangonana rehetra, toy ny pasitera sy diakona, sy ny sisa, dia mifarana. Noho izany raha tian'izy ireo ny hanohy . . . Ankehitriny, ireo pasitera, tsy izany no tiako lazaina. Ny tiako lazaina dia ireo mpitantan-draharaha, sy diakona, ary ireo mpampianatra sekoly Alahady, sy ny sisa. Izy ireo . . . Ny pasitera dia fidian'ny fiangonana, ary izy dia mijanona mandra-paha, mandra-paha. Ary noho izany—noho izany izy ireo . . . Raha ny olona, ny komitin'ny mpitantan-draharaha ankehitriny, na diakona, na ireo mpampianatra sekoly Alahady, na inona koa, raha te-hanohy izy ireo, dia manohy fotsiny. Raha tsy izany izy ireo, amin'izay fotoana izay izy ireo dia—dia tsy maintsy mametrapialana izy ireo raha tsy te-hanohy. Ary tsy misy na inona na inona manohitra azy ireo, noho izany dia manohy izy ireo ho an'ny taona manaraka. Ary—ary noho izany raha tsy manohy izy ireo, amin'izay fotoana izay dia manao fifidianana iray izy ireo, ary manendry mpitantan-draharaha hafa iray, na—na inona na inona ilay asa.

14 Noho izany, tsy mandraikitra lehilahy izany, amin'ny androm-piainany, hanompo eo amin'ny komity iray. Fa raha mbola mahatsapa foana izy fa momba azy Andriamanitra ary manampy azy, ka tiany ny hanao ny anjarany, na ny anjarany, na mety ho inona ilay izy, ny hanohy amin'ny asan'Andriamanitra, dia faly foana izahay ny hanana azy ireo hanompo miaraka

aminay. Hitanareo? Fa izany fomba izany no anomezany anjara ho an'ny olona iray hanompo mandritry ny taona iray sy ahitana hoe ahoana no itiavan'izy ireo an'izany. Ny sasany amin'ireo mpitantan-draharahantsika dia mijanona mandritry ny taona sy taona ary taona, ary ireo diakona ihany koa, ary mahafinaritra tanteraka izany. Fa tsy misy fotoana voafetra. Raha ilay mpitantan-draharaha, na pasitera, na olona iray eo amin'ny komity, no tsy mahatsapa fa afaka manompo intsony izy ireo, na hiala, amin'izay fotoana izay dia mampandre ny fiangonana fotsiny izy ireo, mba ahafahan'izy ireo mametraka olona ao amin'ny toeran'izy ireo.

15 Ary izany no niseho teto, androany hariva, tamin-dRahalahy Morgan, Rahalahy William Morgan nametra-pialana amin'ny maha-mpitantan-draharaha. Nila mpitantan-draharaha iray hafa izy ireo. Ary voatendry ho mpitantan-draharaha Rahalahy Sothmann, ho an'ny fotoana iray hafa, ary noho izany dia voaray teo amin'ny komity androany hariva.

16 Ofisialy izany, raha mbola fiangonana foana. Ao amin'ny fiangonantsika, dia izany no faha-masi-mandidin'ny fiangonana. Ny fiangonana no manala, na mametraka ny mpitantan-draharaha, ny fiangonana no manala ny pasitera, na mametraka ny pasitera. Na inona na inona ilay izy, izany dia ny fiangonana amin'ny rehetra. Apostolika izany. Tahaka an'izany no nanaovana azy tamin'ny andron'ny Baiboly. Noho izany, mahatsapa isika fa tsy misy olona anankiray, arak'izany, izay mpanao didy jadona na zavatra iray ato amin'ny fiangonana. Tsy mila an'izany isika. Ny lehilahy tsirairay, ny olona tsirairay, ny tenako, eo am-pandatsaham-bato ho an'ny olona iray, ary manana vato iray fotsiny, tahaka ny olon-kafa rehetra an'ny fiangonana eto, vato iray fotsiny. Tsy izay lazaiko; ilay izy dia izay lazain'ny fiangonana, hitanareo, izay lazain'ny fiangonana ao amin'ilay vatana. Tianareo ve izany? Oh, heveriko fa ara-tSoratra mihitsy izany. Tahaka an'izany no tokony haha-izy azy.

17 Ankehitriny, hisy herinandro lehibe iray ho ahy, ho tonga, rahampitso, raha sitraky ny Tompo. Tsy maintsy manapa-kevitra aho ho an'ny taona ho avy, ny amin'ireo fanasana rehetra. Te-handeha aho hankany amin'ny—hankany amin'ny birao haka an'ireo fanasana ahy rehetra ka hitondra azy ireny any an-trano. Noho izany, mandritr'ireo andro vitsy manaraka, dia handeha hivavaka aho, amin'Andriamanitra, ka hivavaka Aminy mba hitari-dàlana ahy sy haneho amiko hoe iza no làlana haleha ary inona no hatao. Tsy miaina ao amin'ny fotoana iray tahaka ny nisy fony Izy teto isika, izay nitarihan'Andriamanitra Azy nitety toerana, ary tao amin'ny tanàna iray Izy nandritry ny ora vitsy ary nandeha nankeo amin'ny tanàna iray hafa. Fa eo amin'ny rafitra hafa iray ilay izy amin'izao andro izao, fandaminana iray izany, vondrona mpitoriteny sy zavatra betsaka no tsy maintsy vita.

18 Ary ny fomba anaovako azy, entiko ireo fanasana ahy rehetra avy any Afrika ary apetrako izy ireo, ireo fanasana rehetra avy any Inde, sy ny rehetra an'i California, an'i Utah, ary ireo fanasana hafa rehetra, ka apetrako misaraka amin'ny antontany izy ireo. Avelako hipetraka izy ireo. Ary avy eo dia manomboka mandeha ary mivavaka, angamba miditra ao anatin'ny fiarako ka lasa andro iray na roa. Miverina, mivavaka. Misy zavatra tonga ato am-poko mba handeha any amin'ny toerana anankiray, amin'izay fotoana izay dia mijery aho raha fiheverana iray fotsiny ilay izy. Avy eo, aorian'izany, avy eo aho . . . raha manery ahy tena mafy ilay izy, dia mandeha mankeo amin'io antontany io aho izay misy an'io toerana anankiray io, avy eo dia maka taratasy iray aho ary mamaky an'izany, ny fanasana, mba hahita hoe aiza ilay izy. Noho izany, dia manomboka eo.

19 Ity no antony anaovako an'izany. Eritrereto hoe mandeha eo amin'ny roa amby fitopolo ora eo amin'ny fiaramanidina iray, ao anatin'ny tafio-drivotra, ary ambony sy ambany, ary manerana, raha efa mba nandeha tany ampitan-dranomasina ianareo. Tsy mahafantatra! Indraindray dia ambony ianareo, ary indraindray dia ambany ilay izy, ary misavily, sy mihilangilana, ary misavoamboana, mitety an'ireo rahona sy eo ambonin'io rano io, mandritry ny telo andro sy alina. Avy eo dia midina ao amin'ny firenena iray ianareo, ka ny zavatra voalohany mihaona aminareo dia i Satana hoe, "Eny, ilay vondron'ny mpitoriteny dia nilaza an'*ity*. Ny sasany amin'izy ireo dia nizarazara tamin'ilay latsa-bato, ary ny sasany nanaiky." Hitanareo?

20 Amin'izay fotoana izay dia mety hilaza an'ity ianareo hoe, "Eny, tsy tian'ny Tompo ho tonga angamba aho."

21 Fa rehefa nirahin'Andriamanitra ianareo, dia vonona hihaona amin'ilay fahavalo. Hoy ianareo hoe, "Mandeha eto aho, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Tonga amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy aho, ary mijanona eto aho mandra-pahatanteraky ny Asany." Hitanareo? Ary vonona ny hihaona amin'ireo hery ianareo.

22 Noho izany, dia tia ahy ianareo, fantatro fa tia ianareo. Noho izany dia mivavaha ho ahy, amin'ity herinandro ity, mba handraisako fanapahan-kevitra tsara, amin'ny alàlan'ny tsindrimandry no hitarihan'Andriamanitra ahy.

23 Ankehitriny aho dia hanana vitsivitsy kely, izay antsoiko hoe, fivoriana kely mitetitety. Handeha hankany Florida aho, ny fahavalo, fahasivy ary ny fahafolon'ity volana ity; na, Tifton, Georgia. Tifton, Georgia, ny fahavalo, fahasivy ary fahafolon'ny Janoary, no tiako lazaina, raha tokony ho ity volana ity. Ary avy eo aho dia handeha hankany Glasgow, Kentucky; ary angamba Somerset, Kentucky; ary hariva anankiray, ary angamba Campbellsville, Kentucky. Ary—ary Rahalahy Rogers

dia nila ahy ho tonga hariva anankiray, any amin'ny toerany, fa izahay dia . . . tsy nahatratra azy indray mandeha.

24 Ankehitriny, mivavaha ho an-dRahalahy Rogers. Nanana fiombonana izahay, androany, ary nihazona ny tànany aho ka nahita azy tao anatin'ny toerana ratsy iray, ara-batana. Noho izany dia mivavaha ho an-dRahalahy Rogers eto. Nitondra zavatra goavana iray izy teny an-tànany tany, ka nanao azy hikorontan-tsaina sy ho sorena izany, ary izy dia—ao anatin'ny fahasalamana ratsy mihitsy izy izao ankehitriny izao, ary ny vadiny dia tena tsy salama. Noho izany dia mivavaha ho an'io mpivady kely io, zanak'Andriamanitra mahafinaritra. Ary niteny taminy aho fa, raha sitraky ny Tompo, dia hanome azy hariva iray aho.

25 Ary Rahalahy Ruddell, ny kelintsika . . . iray amin'ireo fiangonana rahavavy kelintsika, eto eo amin'ny roa amby enimpolo, zazalahy antitra kely saro-kenatra, tonga teto izy nefa tsy afaka niandrandra akory aza. Ary tonga tany amin'ilay trano izy. Ary, oh, ataoko fa ny olona dia nihevitra fa mpanakorontana iray izy, saingy nisy zavatra mikasika an'ilay zazalahy izay toa tena misy. Nanohy nijanona niaraka taminy aho, ary nijanona niaraka taminy, nanao hoe, "Rahalahy Ruddell, mahavita ianao."

26 Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, rehefa mandeha eo anatrehan'ny olona maro aho, ny—dia miakatra ao amin'ny tendako ny foko. Ary izaho—izaho—tsy afaka milaza teny iray mihitsy aho."

27 Hoy aho hoe, "Mitsangàna eo dia atelemo indray ilay izy, ka mitenena, amin'ny Anaran'ny Tompo." Hitanareo? Ary ankehitriny dia manana tabernakla iray izy tahaka an'ity anankiray ity ny habeny, eo amin'ilay làla-malalaka, manao zavatra fotsiny. Mijanòna amin'izany. Nahazo antson'Andriamanitra ilay zazalahy. Fantatro ny rainy, ny reniny. Olona tena mahafinaritra izy ireo.

28 Ary avy eo dia tokony hanana an'i Junie izahay, hariva iray, any New Albany. Ary, oh, fantatrareo, fivoriana kely fotsiny, izay ahafahako mahazo hariva iray eto ary hariva iray any.

29 Mandra-paha, raha mandeha araka ny fandaharam-potoana ny zavatra rehetra, eo amin'ny fahadimy amby roapolon'ny Janoary, dia hiainga ho any Miami aho, ho an'ilay World International Convention an'ny Full Gospel Christian Business Men. Ary avy any, dia hankany Kingston, Haiti, any Amerika Atsimo, ary miakatra avy any Mexico. Ary avy any, dia mankany Afrika. Avy any Afrika, mankany amin'ireo Scandinave. Sy ny sisa, tahaka an'izany. Ilay ampahany goavana indrindra an'ny taona, mino aho, dia hatao any amin'ireo fivoriana any ampitandranomasina. Noho izany dia mivavaha ho ahy, tsy maintsy mandray an'ilay fanapahan-kevitra tsara aho.

30 Ankehitriny, izany fotsiny dia hoe raha izany no sitrapon'ny Tompo. Raha tsy izany, dia tiako ny handeha na aiza na aiza, any amin'ny toerana rehetra. Tsy mampaninona na aiza ilay izy, tiako ny handeha. Fa raha mbola afaka mitsangana ao amin'ity vovoky ny tany izay nametrahan'Andriamanitra ahy ity foana aho, dia tiako ny hitory an'ireo Hareny tsy takatry ny saina mandra-panaisotry ny fahafatesana ahy amin'ity vatana ity. Izany no fanapahan-kevitro, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra, raha hanampy ahy fotsiny Izy. Raha hanaisotra ny Tànany amiko Izy, dia hamono ahy ny devoly. Noho izany dia mivavaha fotsiny ianareo mba hihazonan'Andriamanitra ny Tànan'ny famindrampony eo amiko.

31 Tsy mangataka ny Fitsarany aho. Mangataka ny Famindrampony aho. Hitanareo? Ankehitriny, ny Fitsarany, tsia, tsy afaka hahatanty an'izany aho. Ny Famindrampony fotsiny no iangaviako, satria fantatro fa tsy mendrika aho, ary tsy misy anankiray mendrika. Ka tsaratsara kokoa amintsika ny tsy mangataka ny Fitsarany. Mila ny Famindrampony isika.

32 Ankehitriny, izao hariva izao, farim-peo kely, saingy tsy afaka mandà an'ilay fanararaotra, mba hiresahana amin'ity vondrona Kristiana mahafinaritra ity. Andraso, alohan'ny anaovako an'ity filazana ity, dia mamelà ahy hilaza zavatra anankiray. Raha mbola miray fo ianareo rehetra ankehitriny, miray saina, ka mandeha am-pahalemem-panahy ny zavatra rehetra, dia mamelà ahy fotsiny hanome firesahana roa minitra kely amin'ny fiangonako. Hitanareo?

33 Henoy, ry malalako amin'ny Filazantsara, ny . . . ireo kintana eo amin'ny satroboninahitro, raha hanana anankiray aho, ilay novidian'ny Ràn'i Jesosy. Nanao an'izao aho ho an'ny tanjona iray, miverina tahaka an'izao. Nanapa-kevitra izahay teo amin'ny dia fihazana iray, Rahalahy Roy Roberson, Rahalahy Banks Wood, ary izaho, teo amin'ny dia iray, fa afaka hitondra izahay, hiverina. Rahalahy—niresaka i Rahalahy Roy sy izahay rehetra, ary mikasika ny pasiterantsika, Rahalahy Neville, ary lehilahy iray izay teo anatrehanareo foana, nitandrina sy ny zavatra rehetra, tiantsika izy. Fa, kanefa, Rahalahy Neville izay pasitera mpanampy, toa sarotra kely ho an-dRahalahy Neville fotsiny ny tsy maintsy hitsofoka ao anatin'io. Hitanareo? Noho izany dia nivavaka izahay, ary toy ny hoe sitrapon'ny Tompo ny anaovako an'ilay izy. Ankehitriny, nangataka tamin'ny Tompo aho hoe raha hanampy ahy Izy, dia hanao ny tsarako indrindra aho.

34 Ary rehefa avy nanao ny fanokanan-tenako manokana aho, ary rehefa avy nanao, nanasa ny fiangonana hanao tahaka an'izany. Ankehitriny, raha nitahy antsika tahaka ny Nitahiany tao amin'ireo fivoriana vitsy farany Andriamanitra, niaraka tamin'io fanokanan-tena kely io, dia inona no Hataony

raha manohy an'ilay izy izahay? Hitanareo? Tohizo fotsiny ilay izy. Henoy ankehitriny. Mifankatia ianareo. Toy ny ahoana no nahitako anareo nitsangana teo amin'ny làlantsara, aninkeo maraina, ary tamin'ity herinandro ity, niaraka tamin'ny tànanareo nankany amin'Andriamanitra, ary—ary ny Fanahy maha-te-ho tia nihetsika manerana, teo amboninareo!

35 Ankehitriny dia aza mihaino zavatra adaladala anankiray izay tsy maintsy ho lazain'ny devoly. Hitanareo? Raha maneho anankiray aminareo ny devoly, na miteny zavatra ratsy aminareo, mikasika ny iray amin'ireo mambran'ny Vatan'i Kristy, dia aza mino an'izany. Satria, vantany vao mino an'izany ianareo, dia manimba ny fahatsapanareo.

36 Ary raha mahita ny iray amin'ireo mambran'ny Vatan'i Kristy manao zavatra ratsy ianareo, dia aza tenenina amin'ny olon-kafa. Fa mandehana mankany amin'io mambra io, ary miaraka amin'ny fitiavana, dia jereo raha tsy afaka mitondra azy ireny miverina eo amin'i Kristy indray ianareo. Ary raha tsy afaka manao an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia teneno ny olona anankiray, na avelao izy ireo handeha hiaraka aminareo. Ataovy araka ny lazain'ny Soratra ilay izy. Hitanareo? Fa aza . . .

37 Raha hoy ny olona iray hoe, "Ranabavy *Ranona-sy-ranona,* na Rahalahy *Ranona-sy-ranona,*" aza mino teny anankiray an'izany ianareo. Avelao handeha fotsiny ilay izy. Satria, tsarovy, ny devoly no miezaka handrovitra anareo ho potipotika. Ankehitriny dia andraso fotsiny izy hiditra, satria hataony izany. Ankehitriny dia avelao ilay lehilahy tsara an'ny trano, ny finoana, hitsangana tsara eo, ary aza mandray zavatra anankiray. Efa nipetraka tao amin'ireo toeran-Danitra niaraka taminareo ireo olona ireo, niara-niombona nanodidina an'ireo fitahian'Andriamanitra, nandray ny fandraisana teo amin'ny latabatra, ka ny Fanahy Masina no efa nijoro vavolombelona fa zanak'Andriamanitra izy ireo. Aoka ho tena mora fanahy fotsiny, tsara fanahy, mamela, tia. Ary raha miresaka ratsy manohitra anareo ilay olona hafa, dia miresaha mamy amin'izy ireo. Diniho hoe lasa mamy kokoa toy ny ahoana no anatonany anareo arak'izany. Hitanareo? Marina izany. Valio tsara foana ny ratsy, fitiavana ho an'ny fankahalana. Ary izao fotsiny . . .

38 Mahatsapa ho tsaratsara kokoa ve ianao, malala, ilay zazavavy kely ery aoriana? Tsara izany. Tena mankasitraka aho. Hia. Nandeha teny aoriana fotsiny aho . . . Niforitra roa tao anatin'ny aretina iray izy teo aoriana teo, fa nanangana azy ny Tompo Jesosy ankehitriny ary nampiseho azy eo amin'ny fivoriana. Tena mankasitraka isika ny amin'izany. Ho an'izany no nandaozako ny polipitra, fotoana vitsy lasa izay. Voalaza fa izy ireo dia efa "nivavaka sy nivavaka, fa tsy afaka nahazo ny Tompo."

39 Ankehitriny, aoka hanana antoka fa manao an'izany. Manomeza toky an'izany ny tenanareo, amin'Andriamanitra. "Andriamanitra, nohon'ny Fahasoavanao, dia izay no hataoko." Tsy mampaninona raha milaza ratsy ny olona iray; mamalia soa. Aza misaina ratsy. Raha misaina ratsy ianareo, ka milaza an'izany am-pihatsarambelatsihy fotsiny ianareo, amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay—amin'izay fotoana izay dia diso ianareo. Manohiza manokana ny tenanareo ho an'Andriamanitra fotsiny mandra-pahatsapanareo ho tsara marina tokoa amin'io olona io. Tahaka an'izany no anaovana azy. Amin'izay fotoana izay ny fahamoram-panahin'ny fitahian'Andriamanitra fotsiny dia, oh, hanarona ny fanahinareo fotsiny izany. Tahaka an'izany no iainana fandresena, noho izany dia tsy misy na inona na inona afaka handratra anareo raha mbola ao amin'ny fitiavana foana ianareo. Eny, hoy ianareo . . . Hitanareo?

40 "Raha manana fiteny tsy fantatra ianareo, hitsahatra izy ireo. Ary raha manana fahendrena ianareo, hanjavona izany. Ireo faminaniana, ho levona izany. Fa rehefa manana fitiavana ianareo, dia haharitra mandrakizay izany." Hitanareo?

41 Ary aza tia an'ireo izay tia anareo fotsiny ihany, fa tiavo ireo izay tsy tia anareo. Satria, mora ho ahy ny mitia olona iray izay tia ahy, fa manandrama mitia olona iray izay tsy tia anareo. Eo no ahafahanareo mitsapa raha Kristiana iray ianareo, na tsia. Ny olona iray izay tsy tia anareo, kanefa, ao am-ponareo, dia tiavo izy ireo. Ankehitriny, raha tsy manao an'izany ianareo, amin'izay fotoana izay dia manohiza mifikitra amin'Andriamanitra fotsiny. Ao izany, satria fantatro fa izany no Fahamarinana. Amena. Fantatro fa izany no Fahamarinana.

42 Ankehitriny dia hanokatra ny Teny sarobidy isika, ankehitriny, ao amin'ny Bokin'ny Hebreo, ary ny toko faha-11, ho an'ny—ny Hafatra fohy iray fotsiny.

Satria farim-peo kely, saingy nanana tolakandro iray nahafinaritra aho niaraka tamin'ireo rahalahy sy anabavy. Ary tsy niditra mihitsy raha tsy saiky tamin'ny enina ora. Ary niditra tao amin'ny efitra fotsiny aho ka nandohalika teo amin'ny sisim-pandriana, tao amin'ny efitra fatoriana, ary nivavaka nandritry ny fotoana fohy. Nitsangana, ary nandray ny Baiboliko ka nanomboka namaky. Ary nahita magazina iray aho nipetraka teo, dia nalaiko ilay izy. Ary voasoratra tamin'ny teny Afrikaans izany, noho izany dia tsy afaka namaky an'izany aho.

43 Ary matetika, eo am-pamakiana, dia midòna amin'ny teny iray ianareo, ka lasa velona ho anareo io teny io. Tahaka an'izany no ahazoan'ny mpitoriteny iray ny, ny hafany. Manomboha mamaky fotsiny, mamaky ny Baiboly, zavatra iray. Ny zavatra voalohany fantatrareo, midòna amin'ny zavatra iray ianareo, avy eo dia misy zavatra iray manampy amin'io zavatra io, zavatra

iray manampy amin'io zavatra io. Avy eo, manipika an'izany, ary mandeha eo amin'ny polipitra mihitsy ka mamaky an'izany. Andriamanitra no hanao ny sisa amin'izany. Hitanareo? Izy no hikarakara ny sisa.

44 Ankehitriny, matetika dia tena lasa lavitra ianareo, hany ianareo ka manao eritreritra kely avy amin'izany, naoty kely an'ireo eritreritra izay noeritreretinareo. Matetika ao amin'ny fivoriana iray, izay tsy maintsy andehananareo haingana eo amin'ny lampihazo, fa, mamaky fotsiny an'ireo eritreritra kely izay nanananareo ireo, ny Fanahy Masina angamba no hamelombelona azy ireo aminareo indray. Nanao an'izany matetika aho.

45 Ankehitriny Hebreo 11, ndao isika hamaky ny andininy faha-1, manomboka, ary hamaky andininy tena vitsy isika.

> *Ankehitriny ny finoana no fahatokiana an'ireo zavatra antenaina, fanehoana an'ireo zavatra tsy hita.*
>
> *Fa izany no nahatsara laza ny ntaolo.*
>
> *Amin'ny finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana an'izao tontolo izao, ka dia tsy ireo zavatra izay hitantsika no nanaovana an'ireo zavatra izay miseho.*

46 Tsy manan-karena ve izany? Mamelà ahy hamaky an'io andininy faha-3 io indray. Henoy tsara:

> *Amin'ny finoana no ahafantarantsika fa ny tenin'Andriamanitra no nanaovana an'izao tontolo izao, ka dia tsy ireo zavatra izay hitantsika no nanaovana an'ireo zavatra izay miseho.* (Ny Tenin'Andriamanitra.)
>
> *Tamin'ny finoana no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an'i Kaina, ka izany no nahazoany fanambarana fa marina izy, Andriamanitra no nanambara ny fanomezany: ary tamin'izany . . . na dia maty aza dia* niteny.
>
> *Tamin'ny finoana no namindrana an'i Enoka ka tsy nahita fahafatesana izy ary tsy hita, satria Andriamanitra . . . no namindra azy: fa talohan'ny namindrana azy dia nanana ny fanambarana izy, hoe nahafaly an'Andriamanitra izy.* (Dimanjato taona an'ny fiainana, ihany koa.)
>
> *Fa raha tsy amin'ny finoana dia tsy hisy azo atao hahafaly azy: fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy izy, ary mpamaly soa an'*ireo *izay mitady azy fatratra.*
>
> *Tamin'ny finoana i Noa, rehefa nampitandreman'Andriamanitra ny amin'ireo zavatra tsy mbola hita, nihetsika tamin'ny tahotra, nanamboatra sambofiara iray ho an'ny famonjena ny*

ankohonany; tamin'ny . . . izay nanamelohany an'izao tontolo izao, ary lasa mpandova ny . . . fahamarinana izay araka ny—izay araka ny finoana.

47 Ankehitriny dia ndao isika hivavaka vetivety fotsiny, ka hanondrika ny lohantsika.

48 Tompo, ny Andriamanitray Mpiahy Indrindra sy Rainay, miditra ao amin'Ny Fanatrehanao indray izahay ankehitriny, miaraka amin'ny fisaorana. Ary tsy hoe mahatsapa fotsiny izahay ankehitriny fa ao amin'Ny Fanatrehanao satria manondrika ny lohanay hivavaka, fa mino izahay fa ao amin'Ny Fanatrehanao tsy ankitsahatra izahay, satria, hoe, "Ny mason'ny Tompo dia mivezivezy manerana ny tany." Ary Ianao no mahafantatra ny zavatra rehetra, ary Ianao no mahafantatra an'ireo eritreritry ny fo.

49 Noho izany, Tompo, ny antony anondrehanay ny lohanay, dia ny hangataka an'ity fangatahana ity, hoe hamela anay ny amin'ny helokay sy ny fahotanay rehetra nanohitra anao Ianao, ka hihitatra eo aminay indray mandeha indray ny Famindramponao, mba Hanokafanao an'ireo molotray hiteny, sy ireo sofinay handre, ka ho lasa tena misy aminay Ny Teninao, izao hariva izao; mba ho lasa tena fanampiana lehibe ireto andininy vitsy izay nofidianay ho vakiana ireto ho an'ny mambra tsirairay an'Ny Vatanao mahagaga eto an-tany, Ny Fiangonanao ara-panahy, ilay Fiangonan'ny Lahimatoa, io Fiangonana izay efa novidian'ny Ràn'i Jesosy io, izay efa voasasa sy efa nohamasinina, ary hatolotra an'Andriamanitra amin'izany Andro izany, tsy misy kilema na fikentronana. Toy ny ahoana no isaoranay Anao, mba hanananay finoana hino fa mpandray anjara amin'io fahatsaran'Andriamanitra io izahay, amin'ny alàlan'ny fahamarinana sy ny famindrampon'i Jesosy Tomponay!

50 Mivavaka ankehitriny mba Hanasitrananao ny aretina rehetra. Misaotra Anao nohon'ny fikasihana an'io zazavavy kely io fotoana vitsy lasa fotsiny izay, nandry niforitra roa tao amin'ilay efitra tao, tamin'ny fanaintainana; mahita azy mandeha, io finoan-jaza kely io, ary nanaiky Anao sy ny Famindramponao. Ary misaotra Anao izahay ny amin'izany; ary mivavaka mba Hahatsiarovanao an'ilay malala kelin-dRanabavy Baker any Kentucky any, ary ireo noresahan-dRahalahy Neville, ary, O Andriamanitra, ilay tobin'ny marary tsy voaisa, hatraiza hatraiza. Ary indrindra, Tompo, ireo izay tsy voavonjy sy tsy mahafantatra Anao; raha tsy maintsy ho faty ao amin'ny fahotany izy ireo, dia tsy afaka ho tonga eo amin'izay misy Anao.

51 Mivavaka izahay mba Hanomezanao anay vavolombelona sy hery, fahasahiana hiteny ny Teny, ary fahendrena hahafantatra rehefa miteny Azy izahay. Ary avy eo dia mitenena aminay

rehefa nilaza betsaka izahay, mba ahafahanay mandeha ka mamela ny olona ao amin'ny fahagagana, manontany, ny amin'ilay Fanahy Masina lehibe sy ny Asany. Ekeo izany, Tompo. Henoy izahay ankehitriny, mivavaka izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahanay an'izany. Amena.

52 Tiako ny hiresaka mandritry ny fotoana fohy eo amin'ny lohahevitra mikasika ny "taovam-panamboloana." Nampianarina isika fa ny olona ara-boajanahary dia manana taovam-panomboloana dimy. Ary ireo taovam-panamboloana dimy ireo no mifehy ny—ny . . . Na manome . . . Andriamanitra no nanome azy an'ireo taovam-panamboloana dimy ireo, hifandraisany amin'ny fonenany eto an-tany. Ary ireo taovam-panamboloana ireo dia fantatra toy ny: mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, mandre. Ireo taovam-panamboloana dimy ireo, izay fantatry ny olona ara-boajanahary, ary tsara izy ireo. Ary tsy afaka miasa isika, na miaina fiainana ara-dalàna iray, rehefa tsy afaka miasa ny iray amin'ireo taovam-panamboloana ireo. Ny fahitanareo, fandrenesanareo, fahatsapanareo, fanamboloanareo, na fanandramanareo, tsy afaka ny ho ara-dalàna isika raha tsy misy azy ireo. Misy zavatra banga amintsika, ampahany iray an'ny fiainana izay tsy azontsika ifandraisana, raha tsy mihetsika io taovam-panamboloana io. Ary tsara izy ireo. Ary ilaina izy ireo. Ary izy ireo dia nomen'Andriamanitra antsika.

53 Andriamanitra no nanome an'ireo taovam-panamboloana ireo, saingy nomena anareo toy ny fanomezana iray izy ireo. Ary ilay izy dia miankina amin'ny hoe ahoana ianareo, izay ampanekenareo an'ireo taovam-panamboloana ireo, no ho fomba ifehezana ny fiainanareo, ny fomba izay ampanekenareo an'ireo taovam-panamboloana dimy ireo. Ianareo dia . . . Inona no jerenareo, inona no renareo, inona no andramanareo, animboloanareo, na tsapanareo. Na inona na inona ampanekena an'ireo taovam-panamboloana ireo, dia izy ireo no hanapaka anareo.

54 Ary mankasitraka an'Andriamanitra isika fa manana an'ireo fanamboloana dimy. Fa tsy nomena velively ireo taovam-panamboloana ireo, ho anareo, mba hitari-dàlana anareo. Nomena ho anareo ho an'ny fifandraisana amin'ny tany izy ireo. Fa nomena ny taovam-panamboloana fahenina ianareo, ary, io taovam-panamboloana fahenina io, dia an'ny Kristiana irery ihany. Ary tsy afaka hanana an'io taovam-panamboloana fahenina io ianareo raha tsy lasa Kristiana iray; izany ihany no fomba ahafahanareo hany hanana anankiray mihoatra noho ireo taovam-panamboloana dimy ho an'ilay olona ara-boajanahary. Fa, ny taovam-panomboloana fahenina dia fantatra kokoa, ho an'ny Kristiana, hoe finoana. Izany ilay anankiray izay mitondra sy mitari-dàlana anareo, ary ambony amin'ireo taovam-panamboloana hafa rehetra izany. Ambony amin'ireo

taovam-panamboloana rehetra izany, ireo hafa, ireo taovam-panamboloana dimy.

55 Ankehitriny, tsy hilaza aho hoe satria mandray an'ilay taovam-panamboloana fahenina isika ka tsy tsara intsony ireo taovam-panamboloana dimy. Eny, tsara izy ireo. Nomen'Andriamanitra anareo ireo taovam-panamboloana dimy ireo, ary natao ampiasaina izy ireo. Fa rehefa mihetsika manohitra ny Tenin'Andriamanitra ireo taovam-panamboloana dimy, amin'izay fotoana izay dia mandainga izy ireo.

56 Ankehitriny, ilay taovam-panamboloana fahenina dia tsy afaka handainga. Taovam-panamboloana ambony iray izany. Ary izany no tiako resahana. Aninkeo maraina aho dia niresaka teo amin'ny hoe: *Ny Famantarana Ambony.* Ary izao hariva izao dia eo amin'ny hoe: *Ny Taovam-panamboloana Ambony.*

57 Ary ny taovam-panamboloana ambony dia ny Fanahy Masina, ny finoan'Andriamanitra izay mitoetra ao anatinareo. Ary raha hamela an'ireo taovam-panamboloana dimy hanaiky ny taovam-panamboloana fahenina ianareo, dia izany no hitari-dàlana anareo sy hitondra an'ireo taovam-panamboloana dimy hafa eo ambanin'ny fifehezan'io taovam-panamboloana ambony io. Satria tena ambony lavitra an'ilay taovam-panamboloana ara-boajanahary izy, tahaka ny olona ara-panahy izay ambonin'ilay ara-boajanahary. Lavitra ilay izy, avo tahaka ny lanitra, ambonin'ilay olona ara-boajanahary sy ireo taovam-panamboloany dimy. Izany no manao anareo hino an'ireo zavatra izay tsy mety hitanareo. Izany no manao anareo hihetsika eo amin'izay tsy eritreretinareo an'izay hany ho eritreretin'ireo taovam-panamboloana dimy mikasika an'izany. Afaka miditra ao anatin'ireo taovam-panamboloana dimy ireo ny devoly ka handainga aminareo, fa tsy afaka hikasika an'io taovam-panamboloana ambony io izy. Lavitra any ankoatry ny fahatakarany izany. Avy amin'Andriamanitra izany. Izany dia antsoina hoe finoana. Ny finoana io zavatra lehibe io.

58 Ary tsy ireo taovam-panamboloana dimy no mifehy ny taovam-panamboloana fahenina, fa ny taovam-panamboloana fahenina no mifehy an'ireo taovam-panamboloana dimy. Ny taovam-panamboloana ambony no mifehy an'ireo taovam-panamboloana ara-boajanahary. Ary ireo—ireo taovam-panamboloana dimy dia mahita, manandrana, mahatsapa, manimbolo, mandre. Ary ilay taovam-panamboloana ambony dia zavatra izay hanao anareo hino ny Tenin'Andriamanitra, satria izany ilay zavatra tokana horesahany. Hanao anareo hino an'ireo zavatra izay tsy mety hitanareo, andramanareo, tsapanareo, anamboloanareo, na renareo izany, satria handray ny Tenin'Andriamanitra izany. Ary izany no hampita an'ity Teny ity aminareo, sy hanao anareo handeha mifanohitra amin'ny zavatra hafa rehetra izay misy afa-tsy ny

Tenin'Andriamanitra, amin'ny finoana. Ny finoana no manao an'izany.

59 Ankehitriny, eo am-panomezana an'ity kisarisary ity, an'ireo taovam-panamboloana, ilay olona ara-boajanahary dia teraka miaraka amin'ireo taovam-panamboloana dimy ireo, noho izany dia taovam-panamboloana nomen'ny natiora izy ireo. Ary izany marina tokoa no zavatra tokana izay hany ho fantany mikasika an'izany, ao amin'ny fiheverany ara-tsaina. Afaka mieritreritra tahaka ny olona iray fotsiny ihany izy. Afaka mahita tahaka ny olona iray izy. Afaka mahazo tahaka ny olona iray izy. Afaka mandre tahaka ny olona iray izy. Fa rehefa lasa fehezina izy, na navaozina, na isika dia hiantso an'izany hoe "nateraka indray," amin'izay fotoana izay dia io taovam-panamboloana fahenina, ambony io no mihazona azy. Eo ampanaovana an'izany, dia io taovam-panamboloana ambony io no mampiakatra azy ao amin'ny toerana iray izay ananany finoana hino an'ireo zavatra izay tsy afaka renesiny, ireo zavatra izay tsy mety hitany, ireo fahazoana izay tsy mety azony. Mino an'izany izy, na ahoana na ahoana, satria fehezin'io taovam-panamboloana fahenina io izy, io taovam-panamboloana ambony io. Oh, mahafinaritra toy ny ahoana ny mahafantatra an'izany, ary ny mieritreritra hoe tsotra toy ny ahoana ny mino an'izany!

60 Ankehitriny, tsy afaka hino ianareo raha tsy navaozina. Ny Baiboly dia nilaza fa, "Tsy misy afaka miantso an'i Jesosy ho Kristy, raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany." Efa nandalovantsika izany, tamin'ity herinandro farany ity. Ary efa tena vato manafintohina iray izany, indrindra ho an'ny vahoaka Pentekotista mino, rehefa mandre ahy milaza an'izany izy ireo. Hoy Jesosy, ao amin'ny Masindahy Jaona 5:24 hoe, "Izay mandre Ny Teniko, ka mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay." Ny Fiainana Mandrakizay dia avy amin'Andriamanitra, irery. "Ary tsy misy olona afaka milaza fa Jesosy no Kristy, raha tsy amin'ny alàlan'ny Fanahy Masina irery ihany."

61 Mandray an'izay nolazain'olon-kafa fotsiny ianareo, izay nianaranareo tamin'ny alàlan'ny ara-tsaina, izay nianaranareo tamin'ny alàlan'ny ara-boajanahary, ireo taovam-panamboloana dimy. Fa rehefa miditra ilay taovam-panamboloana fahenina, ny Fanahy Masina, dia Izany no manaisotra an'ireo fandanjalanjana rehetra an'ireo taovam-panamboloana enina ireo ary...taovam-panamboloana dimy. Ary mampakatra anareo mankao amin'io taovam-panamboloana fahenina io, mba hanao anareo hino an'ireo zavatra tsy mety hitanareo, andramanareo, tsapanareo, anamboloanareo, na renareo. Manao zavatra aminareo! Amin'izay fotoana izay ianareo vao afaka milaza fa Jesosy no Kristy, satria vavolombelon'izany ianareo. Tsy izay

nampianaran'ny fampianarana ara-tsaina anareo, fa izay efa tsapanareo!

62 "Inona ilay taovam-panamboloana fahenina arak'izany, Rahalahy Branham? Nahoana no tonga ilay taovam-panamboloana fahenina?"

63 Ho an'ity antony ity no nahatongavan'ilay taovam-panamboloana fahenina. Ankehitriny, ny taovam-panamboloana fahenina dia ny finoana, ilay taovam-panamboloana ambony. Ankehitriny raha . . . Ho an'ity antony ity irery ihany no nahatongavan'ny taovam-panamboloana fahenina, izany dia, mba hanao an'ireo taovam-panamboloana dimy ao anatinareo handà ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ho an'izany ilay taovam-panamboloana fahenina. Ny Soratra dia miresaka ny amin'ny "fandravàna ny fandanjalanjana."

64 Ireo—ireo taovam-panamboloana dimy dia, afaka handanjalanja ianareo hoe, "Eny, ankehitriny, nahoana itsy lehilahy itsy no tokony . . . Izy, nahoana no tokony . . . ?"

65 Fa tsy mijery an'izany mihitsy ny taovam-panamboloana fahenina. Tena any ankoatra lavitra an'izany izy! Ambony lavitra noho izany izy, hany izy ka tsy manana fandanjalanjana akory, mihitsy, an'izany. "Mino an'izany isika." Izany dia any ankoatra lavitry ny zavatra rehetra izay holazain'ireo taovam-panamboloana dimy mikasika an'izany. Ankehitriny mivonòna ho an'ny asam-panasitranana iray. Hitanareo? "Mino an'izany isika." Mandeha araka an'io taovam-panamboloana fahenina io ianareo. Miresaka amin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io ianareo. Miaina amin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io ianareo. Maty amin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io ianareo, ary mitsangana amin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io. Io taovam-panamboloana ambony io, zavatra iray izay ao anatinareo, hafa amin'ny maha-izy an'ilay olona ara-boajanahary izany.

66 Ireo ihany no ananan'ilay olona ara-boajanahary, ary mety tsara izy ireo raha afaka entina eo amin'ny fanekena an'ilay taovam-panamboloana fahenina. Raha milaza ilay saina ara-boajanahary, mamaky ny Tenin'Andriamanitra, ka manao hoe, "Izany no Tenin'Andriamanitra," dia milaza ny Fahamarinana izy. Fa raha mamaky izy, ka manao hoe, "Tsy ny Tenin'Andriamanitra izany rehetra izany." Na—na, "Izany *dia* zavatra iray. Izany Izy, tamin'ny fotoana iray, fa tsy izany Izy ankehitriny." Amin'izay fotoana izay dia miditra io taovam-panamboloana fahenina io, ka manao hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay." Hitanareo, izany ilay fahasamihafana.

67 Izany no mahatonga ny olona marobe tsy mety sitrana. Miezaka manatona miaraka amin'ny fiheverana ara-tsaina iray izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Oh, izaho—izaho manao an'*ity*, na izaho mino an'*ity*, sy ny sisa."

68 Fa raha io taovam-panamboloana fahenina io no milaza an'izany, amin'izay fotoana izay dia tsy misy na inona na inona hany hanozongozona azy ireo hiala amin'io taovam-panamboloana fahenina io. Ny taovam-panamboloana fahenina dia tonga, eo amin'ny olombelona, mba hanao azy ireo handà ny zavatra rehetra izay mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra. Ny soritr'aretina rehetra, ny soritr'aretina rehetra izay mifanohitra amin'ny teny fikasan'Andriamanitra, ny taovam-panamboloana fahenina dia milaza fa tsy ao izany, raha ilay Kristiana izay nateraka indray.

69 Ary ny zavatra voalohany fantatrareo, tsy mahatoky iray, tsi-mpino, no manatona an'ilay Kristiana, ka manao hoe, "Jereo eto ankehitriny, tsy misy izany karazan-javatra hoe Fanahy Masina izany. Diso fotsiny ianareo, ao amin'izany. Adala ianareo, raha mino karazan-javatra tahaka an'Izany. Tsy misy ny karazan-javatra tahaka an'Izany."

Mandeha miasa avy hatrany io taovam-panamboloana fahenina io.

70 "Mamelà ahy haneho aminareo, ao amin'ny Baiboly, izay tsy ahafahanareo mandray ny Fanahy Masina. Hitanareo, afaka maneho aho eto hoe taiza no nandraisan'ireo mpianatra an'Izany, saingy—saingy izaho . . . "

71 "Eny," hoy ianareo, "jereo," ary hanondro aminareo eo ilay taovam-panamboloana fahenina, hanao hoe, "fa hoy Izy hoe, 'Ny teny fikasana dia ho anareo, ho an'ny zanakareo.'"

72 "Eny, izany dia midika hoe zanak'*izy ireo* tany. Izany tsy midika hoe ho anareo. Tsy ho anareo izany."

73 Fa mahafantatra tsaratsara kokoa io taovam-panamboloana fahenina io. Nahoana? Efa ao anatinareo izany. Tara loatra no nilazan'izy ireo an'izany. Efa nandray an'Izany ianareo.

74 Ireo olona izay niresaka, hoe, "Tsy misy izany karazan-javatra hoe ny Fanahy Masina izany," dia tsy mahafantatra an'izay resahany.

75 Tahaka ny zazalahy iray, indray mandeha, namaofy paoma iray. Ary nanontanian'ny tsy mahatoky iray izy, niady hevitra, ny fivoriana iray. Hoy izy hoe, "Inona no ilainao? Inona no ilainao eto?"

76 Hoy izy hoe, "Te-hametraka fanontaniana iray aminao aho," raha mbola nihinana an'ilay paoma izy ary nankafy an'izany. Tena tsotra iray, mitovy amin'ny karazan'olona maditra iray, miaraka amin'ny volo mihantona eo amin'ny tarehiny, ary nify iray mivoaka, eo anoloana, ary nanao palitao antitra iray maloto.

Hoy izy hoe, "Fanontaniana anankiray fotsiny no tiako apetraka aminao."

77 Nilaza fotsiny ilay tsy mahatoky hoe, "Tsy misy izany karazan-javatra hoe Andriamanitra izany. Fientanam-po daholo izany. Hadalana no ao amin'izany, izay ihany ny amin'izany."

78 Dia hoy ilay zazalahy hoe, "Te-hametraka fanontaniana iray aminao aho, andriamatoa. Mamy ve sa marikivy ity paoma ity?"

Hoy izy hoe, "Ahoana no ahafantarako? Tsy izaho no mihinana azy."

Hoy izy hoe, "Izany mihitsy no noeritreretiko," nandeha niverina avy hatrany.

79 Ahoana no ahafantaranareo, nefa tsy nanandrana ny Tompo ianareo? Ahoana no ahafantaranareo, nefa tsy nandray ny Fanahy Masina mihitsy ianareo, na tena misy Izy na tsy tena misy Izy? Ahoana no ahafantaranareo hoe aiza no misy ny finoana sy ny hery? Ahoana no ahafantaranareo fa tsy misy "ny fifaliana tsy hay lazaina ary feno voninahitra," nefa tsy nanandrana mihitsy ianareo, mba hahitana an'izany? Ny taovam-panamboloana fahenina no mitarika anareo eo amin'Izany. Ny taovam-panamboloana fahenina no manambara an'Izany aminareo.

80 Tsy misy hery ara-tsaina, mihitsy, hany hitondra an'Izany aminareo. Handanjalanja ireo hery ara-tsaina, ka hanao hoe, "Nahoana, psykolojia izany. Zavatra tahaka an'*ity* izany. Ary fientanam-po izany, amin'ny olona."

81 Fa rehefa miditra ny taovam-panomboloana fahenina, dia mandà an'ireo zavatra rehetra ireo izy, ary mitondra olona iray avy hatrany eo an-tratran'Andriamanitra. "Izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra." Amin'ny finoana! Amin'ny finoana, Abrahama! Amin'ny finoana, Isaka! Amin'ny finoana, Jakoba! Ny rehetra amin'ny finoana! Ilay taovam-panamboloana fahenina no manao an'izany. Ny fanamboloana fahenina no mandà ny soritr'aretina rehetra, ireo soritr'aretina rehetra, ny zavatra rehetra mifanohitra amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny fihetseham-po rehetra, fientanam-po.

82 Hoy ny olona iray hoe, "Oh, eny, efa nivavahana aho, saingy tsy mahatsapa tsaratsara kokoa mihitsy."

83 Tsy hahatanty an'izany mihitsy ny taovam-panamboloana fahenina. Hilaza ny fanamboloana fahenina hoe, "Lainga izany. Mahatsapa tsaratsara kokoa aho. Mihatsara aho. Andriamanitra no niteny an'izany, dia milamina hatreo izany. Amena. Andriamanitra no niteny an'izany." Ny Tenin'Andriamanitra irery ihany no hanin'ny taovam-panamboloana fahenina.

84 Io taovam-panamboloana ambony io, ambony izy, ambonin'ireo taovam-panamboloana. Taovam-panamboloana iray lehibe kokoa izany. Ny finoana izany. Izany dia hery iray izay manetsika sy mitondra. Amena. Izany dia zavatra iray izay manao anareo hanao an'ireo zavatra izay tsy noeritreretinareo fa hataonareo mihitsy. Izany ilay taovam-panamboloana fahenina, ilay taovam-panamboloana ambony.

85 Ivavahana ianareo. Ndao ataontsika hoe ianareo dia manana—manana tànana malemy iray ary ivavahana ianareo, ny tànanareo, miakatra eto ianareo ary mino fa hanasitrana anareo Andriamanitra. Mivavaka ho anareo ny pasitera, mandeha miverina ianareo. Ilay olona ara-boajanahary tranainy dia hanao hoe, "Tsy mahatsapa fahasamihafana ianao ao amin'io tànana io. Tsy tsaratsara kokoa noho ny naha-izy anao hatramin'izay ianao." Fa tonga ilay taovam-panamboloana fahenina, ka manao hoe, "Lainga izany. Efa nivavahana ianao. Milamina hatreo izany." Amena.

86 Tahaka ny vehivavy iray izay tonga tao amin'ny fivoriantsika indray mandeha. Ary tonga tao amin'ny fivoriantsika izy, ny roa tamin'izy ireo. Nitety ny lampihazo izy ireo. Nahita an'ireo famantarana izy ireo. Ireo vehivavy ireo fotsiny dia—tena nahia fotsiny. Samy tena Kristiana izy roa ireo. Niakatra ny anankiray, ary tonga ny Fanahy ka nanao hoe, "Mijaly amin'ny aretimbavony ianao."

Dia namiratra ny tarehiny. Hoy izy hoe, "Marina izany."

87 Dia nilaza ny Fanahy Masina tamin'ny alàlako, nanao hoe, "Ary fery iray izany. Izany dia avy amin'ny resaka fikorontanantsaina iray. Efa nozahan'ny dokotera anankiray ianao. Ary nilaza izy fa ianao dia afaka . . . Tsy maintsy, oh, tsy maintsy hahazo fandidiana iray ianao, hanesorana an'izany."

Hoy izy hoe, "Ny teny tsirairay avy amin'izany dia marina."

88 Ary avy eo, satria mpino lehibe iray tahaka an'izany izy, noho izany dia Izao no voalaza hoe, "Ny anaranao dia Ramatoakely *Ranona-sy-ranona*. Ianao dia avy any amin'*izao-sy-izao*, ary toerana *izao-sy-izao*."

Hoy izy hoe, "Izany no fahamarinana."

89 Inona izany? Ilay taovam-panamboloana fahenina no nahatakatra an'izany. Ny taovam-panamboloana fahenina sy ny Fanahy Masina dia mipetraka mifanila. Ny Fanahy Masina no niteny, ny taovam-panamboloana fahenina nanao hoe "amena." Izany ilay izy. Misy zavatra tsy maintsy mitranga.

90 Rehefa nihazakazaka nitady an'i Jesosy i Marta, ary rehefa hoy izy hoe, "Tompo!" Diniho ilay taovam-panamboloana fahenina. "Raha teto Ianao, dia tsy ho maty ny anadahiko, nefa na dia izao ankehitriny izao aza, na inona na inona Angatahanao

amin'Andriamanitra, dia homen'Andriamanitra Anao izany." Izay ilay taovam-panamboloana fahenina.

91 Nanambatra ny Tenany miaraka Jesosy, nanao hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana. Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony. Mino an'izany ve ianao?"

92 Inona no holazainareo, fandanjalanjana? Misy lehilahy iray mandry eo, maty, ary mandadilady manerana azy ireo olitra.

93 Fa vao avy nilaza mihitsy Izy fa Izy no fananganana sy Fiainana. Izany no Tenin'Andriamanitra. Io taovam-panamboloana fahenina io, any ankoatry ny fikarakaran'ny dokotera, any ankoatr'ireo fisainan'ny fikarohana siantifika. Mihaika ny rehetra. Mihaika an'ireo fandanjalanjana rehetra, ary manary azy ireny. Nahoana? Mijoro vavolombelona ho an'ny Tenin'Andriamanitra izy. "IZAHO IZAY IZY. Izaho tsy hoe 'Izaho izay ho, Izaho izay efa.' IZAHO IZAY IZY ankehitriny. Izaho no fitsanganana sy Fiainana," Lehilahy iray. "Izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mihitsy. Mino an'izany ve ianao?"

94 Hoy izy hoe, "Eny, Tompo," taovam-panamboloana fahenina, "mino aho fa Ianao no Zanak'Andriamanitra izay ho tonga eto amin'izao tontolo izao."

"Hitsangana indray ny anadahinao." Oh, oadray!

95 Nandeha nankeo amin'ny fasana izy ireo. Izy roa ireo, niaraka, nisy zavatra tsy maintsy nitranga. Izany ilay taovam-panamboloana ambony, niaraka tamin'Andriamanitra nitsangana nanatrika, nisy zavatra tsy maintsy niseho. Taovam-panamboloana ambony ilay taovam-panamboloana, Andriamanitra izany. Nisy Zavatra niteny an'izany tamin'i Marta. Efa nahita Azy izy. Efa nahafantatra Azy izy. Efa nanaiky Azy ho ilay tena Mesia izy. Ary fantany, fa raha afaka ho tonga eo Aminy fotsiny izy, raha afaka ho tonga eo Akaikiny fotsiny izy ka hampiseho an'ilay zava-misy, handre teny fikasana iray fotsiny avy Aminy. Izay ihany no nilainy. Rehefa hoy Izy hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana! Izay mino Ahy, na dia maty aza izy," izay ihany no nilain'i Marta ho heno, izay ihany no nilainy. Satria, ilay taovam-panamboloana fahenina, ilay taovam-panamboloana ambony, ny finoany, no nanetsika azy hiaiky Azy, hino Azy.

96 Io vehivavy io, rehefa niala teo amin'ny lampihazo izy, ilay izy dia HOY NY TOMPO HOE. "Mandehana mody ary mihinàna. Jesosy Kristy no manao anao ho salama." Lasa nody izy.

97 Tamin'io hariva io, ny sakaizany iray, mipetraka teo amin'ny manodidina, ny fahatelo na fahefatra tao aoriany. Ary nanana fivontosana goavana iray izy teo amin'ny tendany. Dia indro izy nanatona, nientanentam-po tanteraka mikasika an'izany,

hoe ho sitrana amin'io fery izay nanelingelina azy mafy io ilay mpiara-monina aminy. Anankiray amin'ireo zava-misy an-jatony ity, an'arivony amin'izy ireo. Ary nipetaka nivoaka teo amin'ny tendany io fivontosana goavana io, dia nanatona izy. Hoy aho hoe, "Tsy nisy anankiray mila hamantatra an'izao, saingy faly ianao ny amin'ny zavatra iray. Efa nientanentam-po ianao, satria io vehivavy mipetraka ery io dia mpiara-monina aminao." Fanahy Masina!

98 Nieritreritra izy hoe, "Ahoana marina moa no ahafantaran'io lehilahy io an'izany? Tsy maintsy misy Zavatra iray nanambara an'izany taminy."

99 Noho izany rehefa voalaza izany, hoy Izany hoe, "Mieritreritra mikasika ny tendanao ianao."

"Eny."

"Mino ve ianao fa hiala izany?"

"Mino an'izany aho," hoy izy, "amin'ny foko rehetra."

100 Hoy aho hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Mandehana mody dia handray ny fahasitrananao ianao."

101 Nijery ilay olona ara-boajanahary ka tsy afaka nahita famantarana mihitsy. Nandeha nody ilay vehivavy niaraka tamin'ny fery ary nanandrana nihinana, ary, oadray, toy ny hoe maty izy. Oh, ilay olona ara-boajanahary, ilay taovam-panamboloana ara-boajanaharin'ny fahatsapana dia mbola nanambara foana fa tao ilay fery.

102 Noho izany rehefa lasa ny herinandro iray na roa teo, dia nandeha nitety ny mpiara-monina izy, nankany amin'ny olony rehetra tao am-piangonana, nijoro vavolombelona hoe, "Nanasitrana ahy ny Tompo."

Dia hoy izy ireo hoe, "Mihinana ve ianao ankehitriny?"

103 "Tsia, tsy dia tena ny zavatra rehetra izay tiako. Saingy," hoy izy, "efa sitrana aho, satria tamin'ireo Dian-kapony no nahasitrana ahy." Tsy mampaninona na inona ilay izy, efa sitrana izy, na ahoana na ahoana.

104 Ary indray maraina, nandeha tany an-tsekoly ireo ankizy, ary tena noana izy. Nitsangana izy, nanasa vilia, teo akaikin'ny varavarankely. Tonga tao amin'ny fivoriana izy, fivoriana iray hafa teo amin'ny herintaona taty aoriana. Ary nanasa vilia izy, ary rehefa izy, ny zavatra voalohany, nahatsapa fihetseham-po iray tena hafahafa izy nandeha nanerana azy. Dia nieritreritra izy hoe, "Inona izany? Nahatsapa toy ny hoe te-hihiakiaka aho."

105 Dia niteny taminy ny vadiny, nanao hoe, "Malala, atsaharo ny miresaka mikasika an'izany fanasitranana izany," hoy izy, "satria," na dia Kristiana iray aza izy, hoy izy, "mitondra henatra eo amin'ilay Antony ianao."

106 Ahoana no itondranareo henatra nefa mijoro vavolombelona ho an'Ny Teniny ianareo? Hitondra henatra ianareo raha tsy mijoro vavolombelona ho an'Izany.

Hoy izy, "Raha efa sitrana ianao, dia efa sitrana."

107 Hoy izy hoe, "Nitsangana io lehilahy io ary nijery ahy tamin'ny maso, ka niteny tamiko an'ireo aretiko sy ireo zavatra izay efa nataoko, ary hoe iza aho, sy avy aiza aho." Hoy izy hoe, "Tsy mbola dimy ambin'ny folo minitra akory aho no tao amin'ilay tranobe, rehefa tonga teo amin'ny lampihazo izy. Ahoana marina moa no nahafahan'io lehilahy io nahafantatra an'izany? Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Ary niteny tamiko izy hoe, 'HOY NY TOMPO HOE. Sitrana ianao.'" Dia hoy izy hoe, "Hino an'izany mandra-pahafatiko aho." Hoy izy hoe, "Hino an'izany aho, na ahoana na ahoana." Noho izany, ny, ary rahavaviny teo ambaniny, sakaiza iray, dia nanao fanekena tamin'Andriamanitra, fa hihazona an'izany finoana izany izy ireo.

108 Tamin'io maraina io, dia nahatsapa ho tena hafahafa izy. Ary, minitra vitsy, dia noana izy. Noho izany dia namela varim-bazaha vitsivitsy tao anaty vilia iray ireo ankizy, vilia kely iray; nefa nilaza fa ny varim-bazaha dia mampamaivay azy isan'andro fotsiny. Raha misy olona iray efa mba tratry ny fery iray, dia fantatrareo hoe inona izany. Noho izany dia naninji-tànana izy ary nandrapaka vitsivitsy tamin'ireo varim-bazaha ireo. "Oh, oadray," hoy izy, "tsy maintsy handoa an'izany aho, heveriko, fa indray andro any dia ho mety tsara aho." Fa nahamarika izy fa mbola noana foana, noho izany dia nofoanany fotsiny ilay vilia. Niandry minitra vitsy izy, hahita izay nitranga. Tsy nisy na inona na inona nitranga; nahatsapa ho tsara, mbola noana foana. Nanendy atody vitsivitsy izy, ary nandraraka kafe eran'ny kaopy ho azy, sy naka mofo natono vitsivitsy, ary nanana tena jobily iray mihitsy ho azy. Nihinana an'izay rehetra azony nohanina fotsiny izy. Nanohy izy, nanasa an'ireo vilia. Ary teo amin'ny antsasak'adiny taty aoriana, dia noana indray izy. Tsy nisy fiantraikan'aretina mihitsy.

109 Nanaovany ny bonetra keliny, ary nandeha nankeny an-dàlambe izy, nankao an-tranon'ny mpiara-monina aminy. Ary rehefa tonga teo izy, dia nandre, nihevitra izy fa nisy fahafatesana angamba tao amin'ilay fianakaviana. Nihiakiaka izy ireo, sy niantsoantso, ary nandeha nihodinkodina. Natory maraina ilay vehivavy tamin'io maraina io, ary nifoha, nijery an'ilay fivontosana izay teo amin'ny tendany, fa nanjavona nandritry ny alina ilay izy. Inona izany? Andriamanitra eo ampiasana.

110 Teto tao amin'ny Cadle Tabernacle, rehefa nanao an'io fivoriana io izahay. Ilay zazalahy nandringa izay niditra tao, izay nivavahana. Maro aminareo no tany mba hahita azy. Nentin'izy

ireo tao amin'ilay efitry ny hamehana izy. Billy no nitarika ahy nankeo aminy. Napetrak'izy ireo teo ambonin'ny lampihazo izy nandritry ny hariva telo na efatra, na teo amin'ny . . . tao amin'ny tranobe. Tsy nanana karatra fangataham-bavaka izy, noho izany dia napetrak'izy ireo tao amin'ilay efitry ny hamehana izy. Niditra tao aho ary nivavaka ho azy. Nojereko izy. Hoy izy hoe, "Atoa. Branham, afaka miteny fampiononana iray amiko ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko, anaka. Lefak'ozatra no nanao anao tahaka an'izao."

Hoy izy hoe, "Marina izany."

111 Hoy aho hoe, "Ny anaranao dia *izao-sy-izao*. Avy any amin'ny toerana anankiray ianao."

"Marina izany," hoy izy. Hoy izy hoe, "Ahoana ny amin'ny fahasitranako?"

Hoy aho hoe, "Tamin'ireo Dian-kapony no nahasitranana anao."

112 Lasa nody izy, nijoro vavolombelona, nanome dera ho an'Andriamanitra. Ary tena nitondra henatra iray izy, nilaza izy ireo, tao amin'ny fiaraha-monina, hany ka tonga ny vondrona mpitoriteny iray indray Alahady ka nipetraka teo akaikiny, ary nanao hoe, "Tsy maintsy ajanonao ny fanaovana an'izany. Mitondra henatra eo amin'ilay Antony ianao."

113 Ary ilay lehilahy tanora nipetraka teo, dia nanao hoe, "Andriamatoa, raha nipetraka teo amin'izay misy ahy ianao, raha tao amin'ny seza izay ipetrahako ianao, dia tsy ho nandroba tamiko an'ilay fanantenana farany izay ananako, ao amin'i Kristy." Hoy izy, "Tamin'ireo Dian-kapony no mahasitrana ahy." Ary tsy nilaza afa-tsy izay fotsiny izy . . . Nipetraka teo, nalemy ny tongotra, tànana, vatana, lamosina. Ary tsy nilaza afa-tsy izay fotsiny izy, dia niala avy teo amin'ilay seza, nanome voninahitra an'Andriamanitra.

114 Inona? Ireo taovam-panamboloany ara-boajanahary no nilaza taminy fa hipetraka eo izy; ny dokotera no nilaza taminy fa ho eo mandrakizay izy, na raha mbola velona foana izy. Fa hoy ilay taovam-panamboloana fahenina hoe, "Tamin'ireo Dian-kapony no mahasitrana ahy." Ary tsy hisy idirany ny . . . Manary ny zavatra rehetra mifanohitra amin'izay nolazain'Andriamanitra izany. Ho an'izany ilay taovam-panamboloana fahenina.

115 John Rhyn antitra, tsy ilay R-y-a-n, na R-h-y-n. Izany dia ilay mpangataka jamba tany Fort Wayne, tany no nandehananay tamin'io andro io ary nivavahana izy tao amin'ilay fivoriana. Izany dia tamin'ilay hariva talohan'ny nitendren'ilay piano ny hoe, "Ilay Mpitsabo lehibe dia akaiky ankehitriny," tsy nisy olona teo akaikiny. Ary rehefa jamba izy, Katolika izy, amin'ny

finoana. Ary izy—nijanona tao amin'ilay laharana izy, dia nijery azy aho. Dia hoy aho hoe, "Ny anaranao dia *ranona-sy-ranona,* John Rhyn."

"Eny."

"Mpangataka iray eny amin'ny zoron-dàlana ianao. Efa jamba ianao, nandritry ny taona maro."

"Eny. Marina izany."

"Katolika ianao, amin'ny finoana."

"Marina izany."

116 Hoy aho hoe, "HOY NY TOMPO HOE. Raiso ny fahasitrananao."

Hoy izy, "Misaotra anao, tompoko."

Hoy aho hoe, "Isaory ny Tompo."

Hoy izy hoe, "Fa tsy afaka mahita aho."

Hoy aho hoe, "Tsy misy idiran'izany amin'io. Sitrana ianao." Dia hoy izy hoe . . .

117 Lasa izy, nandeha. Nanampy azy niala teo amin'ny lampihazo izy ireo. Tsy afaka nahita na inona na inona ilay olona ara-boajanahary. Izy ireo tsy afaka nahita vokatra avy tamin'izany, mihitsy. "Nahoana," hoy izy ireo, "jamba fotsiny tahaka ny naha-izy azy hatramin'izay izy."

118 Noho izany dia nitondra azy niverina ny roa tamin'ireo sakaizany ary nametraka azy tao amin'ilay laharam-bavaka indray, ary nampandalo azy indray. Navelan'i Howard nandalo izy. Rehefa niverina indray izy, dia hoy izy hoe, "Andriamatoa, ianao no niteny tamiko fa sitrana aho." Hoy aho hoe, "Ianao no niteny tamiko fa nino ahy ianao."

119 Hoy izy hoe, "Tena mino anao aho. Tsy manana antony tsy inoako anao aho." Hoy izy, "Ianao no niteny tamiko an'ireo zavatra rehetra teo amin'ny fiainako." Dia hoy izy hoe, "Tsy fantatro izay hatao." Hoy izy, "Nisy vehivavy iray tery aoriana tery, nijoro vavolombelona. Ary nanana goatra iray izy, minitra vitsy lasa izay, ary lasa ilay izy."

120 Hoy aho hoe, "Noho izany, raha mino ahy ianao, dia nahoana ianao no manontany ahy? Miteny aminao ny Tenin'Andriamanitra aho."

121 Hoy izy hoe, "Inona no tokony hataoko, tompoko?" Nahafantatra fa Katolika izy, ary tsy maintsy manana zavatra ara-batana izay azony hifikirana, dia hoy aho hoe, "Manohiza mijoro vavolombelona fotsiny hoe, 'Tamin'ireo Dian-kapony no mahasitrana ahy,' ary omeo Azy ny dera."

122 Ilay lehilahy antitra, nandritry ny roa herinandro nanaraka, na telo, nitsangana teo amin'ny zoron-dàlana izy ary nivarotra gazety. Nihorakoraka izy hoe, "Vaovao manokana! Vaovao

manokana! Deraina ny Tompo! Sitrana aho! Vaovao manokana! Vaovao manokana! Deraina ny Tompo! Sitrana aho!"

123 Rehefa niverina tao amin'ny fivoriana izy ny ampitso hariva, zara aho raha afaka nitory teny, nohon'ny aminy. Nitsangana izy ary nihorakoraka hoe, "Mangìna ny olona rehetra! Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy! Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy!" Amin'ny maha-Katolika, dia tsy fantany hoe ahoana no ifikirana amin'ny finoana, saingy fantany fa raha nanohy nilaza an'izany izy, ary nanohy, nanohy, nanohy, hany ka nandeha niasa io taovam-panamboloana fahenina io. Marina izany. "Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy!"

124 Nitsangana teo amin'ny zoron-dàlana izy, nihorakoraka hoe, "Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy! Vaovao manokana! Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy!"

125 Dia nandeha teny an-dàlambe izy. Ary raha nandalo ny olona iray, nanao hoe, "Manao ahoana ianao, ry John?"

126 "Deraina ny Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy! Mety tsara." Dia nihomehy azy izy ireo, ary naneso azy.

127 Ary nitarika azy nankeo amin'ny mpanety ny zazalahy kely iray mpivarotra gazety, ho an'ny fiharatana iray, teo amin'ny roa na telo herinandro taty aoriana, avy tao amin'ny fivoriana. Ary nametraka azy tao amin'ny seza ilay mpanety, ka nanosotra savony ny tarehiny. Dia hoy izy hoe, "John," hoy izy, "azoko . . . " Fatsoralahy kely iray, ary hoy izy hoe, "Azoko fa tany ianao mba hahita an'ilay mpanasitrana avy amin'Andriamanitra rehefa . . . " [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] " . . . eto."

Hoy izy hoe, "Eny, nandeha tany aho."

128 Hoy izy hoe, "Azoko fa sitrana ianao," mba haneso azy fotsiny.

129 Dia hoy ilay lehilahy antitra hoe, "Eny. Deraina ny Tompo! Nanasitrana ahy Izy!" Dia nanomboka nahiratra ny masony. Lasa izy niala avy teo amin'io sezan'ny mpanety io, niaraka tamin'ny lamba famaohana nanodidina ny tendany. Niezaka ny hisambotra azy ilay mpanety, niaraka tamin'ny fiharatra teny an-tànany, ary nandeha teny an-dàlambe izy ireo. Nahoana? Nandeha niasa ny Tenin'Andriamanitra.

130 Georgie Carter kely nandry tany, izay fantatrareo rehetra. Eto ny olona sasany, nanatrika. Nandry teo nandritry ny sivy taona sy valo volana, tsy nahavita afa-tsy ny nanolo ny lafika avy tao ambaniny akory aza, noho ireo voa sy tsinay. Nilanja dimy amby telopolo livatra izy. Nandry tany Milltown, Indiana.

Ary ny havany dia nikambana tamin'ny fiangonana iray izay . . . Rehefa nandeha nanao fivoriana iray aho tao amin'ilay fiangonana Milltown Baptist, ary nivavaka ho an'ny marary, dia hoy io fiangonana io hoe, "Raha misy mambra iray an'ity

fiangonana ity manatrika an'io fanatika io, dia horoahanay izy ireo." Ary diakona iray ny rainy.

131 Fa nanana an'ilay boky keliko izy, antsoina hoe, *Jesosy Kristy No Tsy Miova Omaly, Anio, Ary Mandrakizay*. Rahalahy Hall no nitondra ahy nankeo aminy, indray tolakandro. Nihazakazaka nivoaka ny trano ny reniny, tsy te-hanao na inona na inona amin'izany. Niditra aho ary nivavaka ho azy. Hoy izy, "Eny, nanao ahoana ilay zazavavy Nail?" Fantany ny mikasika an'ilay fahitana.

132 Hoy aho hoe, "Fahitana iray izany, ranabavy. Afaka mivavaka fotsiny ihany aho. Manàna finoana ianao." Efa nampianarina hanohitra an'izany ilay zavatra kely mampalahelo.

133 Andro vitsy taorian'izany, nitsangana tany aho, nanao batisa. Teo izy, nitomany. Satria, nampanantena izy fa ho tonga ary haverina hatao batisa indray, tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, raha hanasitrana azy fotsiny Andriamanitra.

134 Ary teo, izy, ireo ranjony antitra kely saiky tahon-kifafa iray fotsiny ny habeny. Tsy afaka nametraka azy teo ambonin'ny tavimandry iray akory aza izy ireo. Ny reniny, mbola vehivavy tanora iray, dia nipetraka teo, potiky ny paralysisa, sady fotsy volo, nohon'ny fiambenana ny zananivavy nandry teo, eo am-pahafatesana tsikelikely. Raboky ny glandim-behivavy, ary niparitaka nanerana azy manontolo. Nilanja teo amin'ny fito amby telopolo livatra teo izy, heveriko fa izay ilay izy, izy ireo no nitsara azy. Tsy afaka nanainga azy ambony loatra mba hametraka an'ilay tavimandry tao ambaniny. Tsy maintsy nisintona lafika iray avy teo ambaniny, fingotra iray. Sivy taona sy valo volana, no nandriany teo, tsy afaka nanainga ny lohany akory aza hijery hazo iray izay teo akaikin'ny varavarankely.

135 Indray andro, nitsangana tany aho, teo an-tampon'ny sisin-kavoana, tany amin-dry George Wright, dia hoy ny Fanahy Masina tamiko hoe, "Mitsangàna amin'ny tongotrao." Dia nijery aho, ary nisy Hazavana iray namiratra nanerana ny kirihitra voninkazo dia iray. Nanao hoe, "Mandehana mankany amin-dry Wright . . . " Na, "Mandehana mankany amin-dry Carter."

136 Rehefa tonga tany aho, ny Tompo Jesosy dia efa naneho tamin'ny reniny famantarana iray fa ho avy aho. Nanatona an'ilay zazavavy nandry teo amin'io fandriana io aho, tena nalemy ka tsy afaka nampakatra kapoaka fandroràna akory aza izy. Ny reniny no nihazona an'izany. Izy, "Ah," niezaka nandrora tao anatin'ilay kapoaka fandroràna, niaraka tamin'ny TB. Hoy aho hoe, "Ranabavy Georgie. Jesosy Kristy, ilay Zanak'Andriamanitra, dia nihaona tamiko tany an-efitra tany, teo amin'ny atsasak'adiny lasa teo izay, ka niteny tamiko mba ho avy ka hametra-tànana eo aminao. HOY NY TOMPO HOE. Mitsangàna."

137 Nandeha niasa ilay taovam-panamboloana fahenina. Nandòna an'io zazavavy io ny Hery iray. Ho an'ny fotoana voalohany tao anatin'ny telo taona . . . na sivy taona sy—sy valo volana, izay tsy nitsanganany mihitsy. Nitsambikina tamin'ny tongony izy. Nihazakazaka nankeny an-tokotany, ary nisaotra an'ireo hazo sy ireo ahitra, ary ny zavatra rehetra, ka niditra ary nipetraka teo amin'ilay piano, nanomboka nitendry hoe, "Misy Loharano iray feno Rà, nosintonina avy tamin'ny làlandràn'Imanoela."

Nahoana? Ireo fandanjalanjana no nanipy . . .

138 Tsy izy no afaka nanao an'izany. Tsy fantatro ankehitriny. Tsy ho fantatro mihitsy. Ny Herin'Andriamanitra irery ihany no nihazona azy. Ireo ranjo dia tsy goavana tahaka an'*izao*, hatreto amin'ireo tonon-taolana; tsy misy na inona na inona tahaka azy, tahaka ny tahon-kifafa fotsiny. Roa ambin'ny folo taona lasa izany, na efatra ambin'ny folo, ary androany dia matanjaka sy salama izy, mandeha ho an'ny Tompo Jesosy.

139 Inona izany? Tamin'ny voalohany, dia toa tsy nisy na inona na inona nitranga, fa ny fandanjalanjana no nilaza fa tsy mety hitranga izany. Fa, rahalahy, nifikitra tamin'ity Teny ity izy. Raha afaka naka an'io zazavavy nandringa io Andriamanitra, tany Salem tany, io zazavavy Nail io, efa nandringa sy nalemy, ary ireo sandriny nihantona nidina tahaka an'*izao,* afaka nanasitrana azy, Izy dia afaka nanasitrana azy, ihany koa. Nino an'izany izy.

140 Rahalahy Hall, nandry tany, teo am-pahafatesana tamin'ny homamiadana. Ilay lehilahy iray ihany no nitondra ahy tany. Ny dokoterany, tany Milltown, no naniraka azy nankany amin'io dokotera tany New Albany io, tany, izay tao amin'ny Saint Edwards Hospital. Adinoko . . . Nitondra an'ireo zanako izy; lehilahy mahafinaritra, dokotera tsara. Nizaha azy izy. Hoy izy hoe, "Homamiadana." Nilaza tamin'i Dokotera Brown, tany Milltown, nanao hoe, "Eo am-pahafatesana izy."

Hoy Dokotera Brown hoe, "Izany koa no noeritreretiko."

141 Nitondra azy nankany amin'ny anabaviny, teto, izay ha—havan'Atoa. Kopp, izay mpitsara teto amin'ny tanàna taloha. Ary rehefa tonga tany izy, dia nanao hoe, "Tazòny eto fotsiny izy mandra-pahafatiny."

142 Ary naniraka izy ireo mba hahatongavako. Nandeha aho, isan'andro, niaraka tamin'ny vadiko, tany. Nivavaka ho andRahalahy Hall izahay. Tiako izy. Iray amin'ireo ahy niova fo ho an'i Kristy izy. Ary lasa niha-nihena sy niha-nihena izy, ka tsy afaka nanetsika ny tànany.

Hoy Rtoa. Hall hoe, "Billy, misy zavatra azonao atao ve?"

143 Hoy aho hoe, "Tsy misy na inona na inona fantatro, Ranabavy Hall. Tsy afaka mandre feo iray avy amin'ny Tompo

aho. Isika dia . . . ” Hoy aho hoe, “Tiako raha ny dokoterako no hijery azy.”

Hoy izy, “Iza no dokoteranao?”

Hoy aho hoe, “Dokotera Sam Adair.”

144 Dia nantsoiko i Sam. Hoy i Sam hoe, “Ny zavatra tokana, afaka mandefa azy any Louisville aho, ry Billy, ho an’ireo rayons-x sy ny sisa.” Hoy izy, “Homeko anao ny tatitra.” Nandefa fiara fitaterana marary iray izy ireo, naka azy, nitondra azy, niverina.

145 Niantso ahy i Sam, ka nanao hoe, “Billy, tratry ny homamiadan’ny aty izy. Tsy afaka mandidy ny atiny hiala izahay, ka ho velona izy.” Hoy izy, “Mpitory teny iray izy, tokony ho mety tsara izy izao ankehitriny izao. Afaka miteny koa ianao hoe ho lasa izy.”

146 Hoy aho hoe, “Efa vonona ny handeha izy, ry Sam. Saingy, ny zavatra amin’ilay izy dia, halako ny hahita azy handeha. Rahalahiko izy, ary tiako izy.”

Nieritreritra aho hoe, “O Andriamanitra, manaova zavatra ho ahy.”

147 Nanomboka nandeha nihaza vontsira aho, tamin’io maraina io. Nijery aho, talohan’ny andro, tsy nisy olona teo an-tokotany. Nalaiko ny basy keliko dia nanomboka nitety ny trano aho. Nisy paoma antitra nalazo iray nihantona teo amin’ny rindrina. Nieritreritra aho hoe, “Nahoana no napetrak’i Meda teo amin’ny rindrina io?” Nijery aho, ary iray hafa sy iray hafa ary iray hafa, hany ka enina tamin’izy ireo no nihantona teo. Nesoriko ny satroko dia nandohalika aho, teo amin’ny gorodona. Niandrandra teo aho, ary tamin’izay fotoana izay dia nidina ny paoma goavana be iray tsara tarehy ka nandany an’ireo paoma rehetra ireo. Nijery aho, nitsangana teo, ka teo io Hazavana iray ihany io (mihantona eo amin’io sary eo io) nitsangana teo, nihodinkodina. Nanao hoe, “Mitsangàna. Mandehana, teneno Atoa. Hall hoe, ‘HOY NY TOMPO HOE, tsy ho faty izy, fa ho velona.’”

148 Nandeha aho ary niteny taminy. Tsy nisy fiovàna mihitsy taminy, saingy nino an’izany izy. Nifikitra tamin’izany izy. Tsy nisy fahasamihafana, toa tahaka an’izany. Lasa ny andro iray, tsy nisy fahasamihafana. Ny andro faharoa, tsy nisy fahasamihafana. Teo amin’ny andro fahatelo, nanomboka ilay izy. Ary io izy, velona androany, taorian’ny taona sy taona.

149 Mariho, mipetraka eto mihitsy, Rtoa. Weaver, raha tsy diso aho, rehefa tonga ny zananivavy, taorian’ny fahasitranan’i Margie Morgan, dia nandeha tany aho, ary tsy nisy na inona na inona azon’io vehivavy io natao, ho faty ao anatin’ny ora vitsy manaraka izy. Nahazo tsindrona iray izy, na roa, izay azon’izy ireo nomena azy, dia izay ihany. Nahazo fandidiana ho an’ny aretim-behivavy izy, nandeha nanerana ny taolan-damosiny ny

homamiadana. Nanaparitaka an'izany izy ireo rehefa nandidy an'izany. Tsy nisy na inona na inona hatao ho an'ilay vehivavy. Te-hiresaka taminy aho mikasika ny fanasitranana.

150 Fa hoy izy hoe, "Tompoko, mpitoritenin'ny Tompo Andriamanitra ianao, ka tsy mendrika ny hidiranao ao an-tranoko aho." Nihevitra ny tenany ho tsy mendrika, hahatongavan'ny mpitoriteny iray. Hoy izy hoe, "Efa niaina fiainana iray aho. Efa nandihy aho. Ary efa nanao an'ireo zavatra izay tsy tokony nataoko aho. Nampiasa fiteny ratsy aho, na inona koa." Noteneniny tamiko ireo fahotany. Dia hoy izy hoe, "Tsy mendrika an'izany aho."

151 Hitako fa tonga teo amin'ilay làlana marina izy. Tsy maintsy mandray an'i Kristy izy *ato,* alohan'ny hany handehanan'io taovam-panamboloana fahenina, ambony io hiasa.

152 Nandohalika izahay. Niresaka taminy aho, mikasika ny hoe, "Na dia tahaka ny jaky aza ny fahotanareo." Nanolotra ny fiainany ho an'i Jesosy Kristy Tompo izy. Ary rehefa nanao izy, dia hoy izy hoe, "Oh, oh, mahatsiaro tena hafa aho. Nisy zavatra nitranga tamiko. Nisy zavatra nitranga tamiko. Te-hifandray tànana aminareo rehetra aho."

153 Tamin'izay fotoana izay mihitsy dia nijery aho ary nahita azy tao amin'ny fahitana iray, nandeha nankao ambadiky ny trano nankao amin'ny tranon'akoho. Hoy aho hoe, "Rtoa. Weaver, HOY NY TOMPO ANDRIAMANITRA HOE, handeha hankeo amin'io tranon'akoho io ianao, dia ho velona."

154 Tsy afaka nandeha arak'izay tsapany izy; nandany azy tanteraka ny homamiadana. Tsy afaka nandeha arak'izay nolazain'ny dokotera izy; teo am-pahafatesana izy. Ary izany dia efa, ataoko, efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo taona lasa ve izay, Rtoa. Weaver? [Hoy Rtoa. Weaver hoe, "Efatra ambin'ny folo."—Mpand.] Efatra ambin'ny folo taona lasa. Nivembena izy nankato amin'ity tabernakla ity nefa narary, toy ny hoe tsy afaka ny hiala teo am-pandriana izy, sandry antitra kely efa taolana, satria nampanantena an'Andriamanitra izy fa ho avy ary hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy. Nesorinay niala avy tao amin'ny seza iray misy kodiarana izy, saiky izany, seza iray, nampidina azy tao anatin'ny dobo ary nanao batisa azy tamin'ny Anaran'i Jesosy. Ary io mipetraka io izy, izao hariva izao. Jereo izy, raha te-hahita karazana fahasalamana iray ianareo. Nahoana? Nanary an'ireo fandanjalanjana sy fikarohana siantifika, ary ny zavatra hafa rehetra, satria nandeha niasa ilay taovam-panamboloana fahenina. Izay ilay izy.

155 Jereo, mamelà ahy hilaza an'ity fotsiny, indray, mandritry ny iray minitra fotsiny. Nandalo teo amin'ny hazo iray Jesosy, indray mandeha, ary hazo aviavy iray izany. Dia Nojereny ilay hazo. Ankehitriny, azafady, aza diso an'ity. Nojereny ilay hazo, ka tsy nisy aviavy teo aminy. Dia hoy Izy hoe. . . Nanozona

an'ilay hazo Izy, ka nanao hoe, "Tsy hisy olona hihinana avy aminao."

156 Nijery ireo mpianatra; nitovy tahaka azy isan'andro ny hazo. Adiny iray avy teo, mbola nitovy foana ilay izy. Tsy nanokatra ny tany mihitsy Andriamanitra ka nitelina azy. Tsy nandefa tselatra nisampantsampana avy tany an-danitra mihitsy Andriamanitra ka nandoro azy ho saribao. Tsy afaka nanao an'izany Izy. Azo antoka, afaka Izy. Tsy nanao an'ireo zavatra ireo mihitsy Izy.

157 Inona no nitranga? Efa voaozona ilay hazo. Ny finoan'Andriamanitra no nanakana ny ain'io hazo io. Tsy nisy na inona na inona ara-batana azonareo jerena. Fa tao ambanin'ny tany tao, tao anatin'ireo fakan'ilay hazo, no tafapetraka ny fahafatesana. Efa voaozona izy. Tonga nanohitra azy ilay taovam-panamboloana fahenina. Tsy maintsy maty izy. Nanomboka maty izy, avy tao amin'ireo faka.

158 Izany ilay zavatra iray ihany miseho amin'ny homamiadana iray. Izany ilay zavatra iray ihany miseho amin'ny fivontosana iray. Izany ilay zavatra iray ihany miseho amin'ny aretina rehetra, rehefa mitsangana manohitra an'izany io taovam-panamboloana fahenin'ny herin'ny Tompo Andriamanitra io. Nanao hoe, "Satana, mivoaha ao." Mety tsy mahita toe-javatra ara-batana mitranga eo no ho eo ianareo, fa mihazona eo io finoana io na izany aza. Efa voaozona izy. Io taovam-panamboloana fahenina io tsy, tsy hamela azy handeha io taovam-panamboloana ambony io. Izany dia tsy hiraharaha ny amin'ny hoe ahoana no tsapanareo, toy ny ahoana ianareo, ahoana no ihetsehanareo. Tsy hisy hidirany amin'izany. Efa nampiharina ny Tenin'Andriamanitra. Ny taovam-panamboloana fahenina no mihazona azy. Izay ihany. Mandeha miasa izy; manomboka mihena ilay homamiadana. Maty manomboka amin'ireo faka izy, ary lasa. Izany tokoa.

159 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana mahery iray io ihany, no nirodanan'ireo fanjakana, nanjera ny rindrina nifampitaingitaingina.

160 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io, no nihemoran'ilay Ranomasina Mena, ka nanao làlana ho an'ireo zanak'Andriamanitra mba handosirana ny tany maina iray.

161 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io, no nihaikan'i Samsona ireo Filistina arivo nirongo fiadiana sy lefona. Tsy nanana fomba hiarovana ny tenany izy, afa-tsy valanoranon-dramole dia. Ary nandeha niasa io taovam-panamboloana fahenina io, ka lavony ny Filistina arivo. Haleloia!

162 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io, no nananganana ny maty. Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io, no nanaovana fahagagana mahery.

163 Izany no hery mahery indrindra izay hany namely ny tany, dia io taovam-panamboloana ambony io, antsoina hoe, ny taovam-panamboloana fahenina. Tsy nisy nidirany tamin'*ity* eto ity. Raha ity eto ity no milaza an'izany, ka manao hoe "amena" amin'Izany, mety tsara, mandroso ianareo. Fa tsy mampaninona izay ataon'ity, minoa an'*Izany*. Eo no misy ny hery, "raha mino ao am-ponareo ianareo." Ny taovam-panamboloanareo fahadimy, an'ny fieritreretana, dia mipetraka ao anatin'ny atidohanareo, fa ny taovam-panamboloanareo fahenina dia mipetraka ao anatin'ny fonareo. Mino amin'ny fonareo ianareo. Ny fiaikena dia ataon'ny vava. Mino amin'ny fonareo ianareo, eny, tompoko, io taovam-panamboloana fahenina io, io hery mahery io.

164 Henoy. Noho io taovam-panamboloana fahenina io, dia nisy mpaminany iray natsipy tao an-davaky ny liona. Ary noho io taovam-panamboloana fahenina io, no tsy nahafahan'ny liona nihinana an'i Daniela. Tsy afaka izy ireo. Tsy afaka nanakaiky azy izy ireo, noho io taovam-panamboloana fahenina io, io taovam-panamboloana ambony io.

165 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana fahenina io, dia natsipy tao anaty lafaoro afo ireo zanaka Hebreo telo, ary nihaika an'ireo lelan'afon'ilay lafaoro izy ireo. Io taovam-panamboloana fahenina io! Ireo fandanjalanjana rehetra dia nanaporofo fa ho faty may izy ireo alohan'ny hahatongavany eo amin'izany, saingy io taovam-panamboloana fahenina io no nihazona azy ireo tao anatiny tao nandritry ny ora roa na telo. Ary rehefa nosokafan'izy ireo ilay lafaoro, dia nahita Anankiray izy ireo nitsangana teo anivon'izy ireo, tahaka ny Zanak'Andriamanitra. Izany ilay taovam-panamboloana fahenina. Tsy nahadoro an'izany ireo afo. Eny, tompoko.

166 Io taovam-panamboloana iray io ihany, indray mandeha, fa nipetraka tao anatin'ny fonja ny Apostoly Petera, ary hanapaka ny lohany izy ireo, ny ampitso, ary nanao fivoriam-bavaka izy ireo tao an-tranon'i Jaona Marka. Nanomboka niangona nanodidina an'ilay fonja io taovam-panamboloana fahenina io, teo amin'izay naha-rakotra vavaka azy. Nandeha niasa io taovam-panamboloana fahenina io. Niditra teo amin'ny varavarankely ilay Andry Afo ka nikasika an'i Petera, ary nanao hoe, "Avia, mivoaha eto." Ilay taovam-panamboloana fahenina!

167 Io taovam-panamboloana fahenina io no tsy namela an'i Masindahy Paoly ho rendrika teo ambonin'io ranomasina mahery io, rehefa feno rano io sambo kely io. Ny taovam-panamboloana fahenina no nihazona azy tsy ho rendrika, io taovam-panamboloana ambony io. Io taovam-panamboloana fahenina io, izay, rehefa nanaikitra azy ilay menarana teo amin'ilay tany, dia nahifiny nankao anaty afo izy. Ilay taovam-panamboloana fahenina no nanao an'izany.

168 Io taovam-panamboloana fahenina io no nanangana an'i Jesosy Kristy tamin'ny maty, rehefa avy nandry tao amin'ny tany Izy, satria nino ny Tenin'Andriamanitra Izy. Hoy Izy, "Ravao ity vatana ity, fa Izaho no hanangana azy indray amin'ny andro fahatelo. Satria hoy i Davida hoe, 'Tsy hamela Ny Iray Masiko hahita ny lò Aho, ary tsy hahafoy ny Fanahiny ao amin'ny helo Aho.'" Io taovam-panamboloana ambony io izany. Ravao ireo fandanjalanjan'*ireto* taovam-panamboloana ireto. Inoy ilay taovam-panamboloana ambony, ny taovam-panamboloan'ny finoana, izay omen'i Jesosy Kristy.

169 Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana iray io ihany, no nitenenan'Andriamanitra fony tsy nisy na inona na inona. Inona io taovam-panamboloana io? Io taovam-panamboloana ambony io dia Andriamanitra, ny finoan'Andriamanitra ao anatinareo, ilay ampahan'Andriamanitra izay miditra ao anatinareo, no manome anareo an'ilay taovam-panamboloana ambony. Tamin'ny alàlan'io taovam-panamboloana iray io ihany, no nandrafetan'Andriamanitra an'izao tontolo izao hitambatra niaraka tamin'ireo zavatra izay tsy nisy sy tsy niseho. Niteny Ny Teniny Izy ary nino Ny Teniny, ka niditra tao amin'ny fisiana ny tontolo iray. Voninahitra!

170 Ilay taovam-panamboloana fahenina, ilay taovam-panamboloana ambony, O Andriamanitra, arotsahy eo amiko izany. Omeo ahy izany sy ho an'ny tsirairay izay mila an'izany. Arotsahy ato anatiko ny Taovam-panamboloanao fahenina, Tompo. Vonona aho ny hamoy an'ireo dimy, ny fahalalako manokana, ireo eritreritro, handrava ny fandanjalanjana rehetra, Tompo. Aoka Ny Teninao ho marina, fa ny tenin'olona rehetra ho lainga. Ny fandanjalanjana rehetra, ny fisalasalana rehetra, aoka ho very, ka avelao aho handeha amin'ny alàlan'ilay taovam-panamboloana ambony, ilay taovam-panamboloan'ny Fanahy Masina.

171 Tsy tianareo ve izany? Izany ilay zavatra izay tiantsika. Andriamanitra hitahy anareo, ry sakaiza. Izany no ilainareo. Hangataka zavatra io taovam-panamboloana ambony io, ary fantany fa Izy no hanome an'izany. Resy lahatra izy. "Fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy, ary mpamaly soa an'ireo izay mitady Azy fatratra."

172 Raha milaza ny taovam-panamboloana fahenina hoe, "Mihazona Ny Teniny Andriamanitra. Manolotra ny tenako ho Azy aho. Afoiko ny rehetra izay ananako, ho Azy. Milaza ny taovam-panamboloako fa izany no hanao an'izany hiseho, ny finoako ny Tenin'Andriamanitra." Avy eo, antsoiny ny zavatra hafa rehetra, mifanohitra amin'izany, ho toy ny tsy nisy.

173 Nihaona tamin'Andriamanitra i Abrahama, ka hoy Andriamanitra hoe, "Hahazo zazakely iray avy amin'i Saraha ianao." Ary dimy amby fitopolo taona izy, ary dimy amby

enimpolo taona izy. Abrahama dia niantso ny zavatra rehetra izay tsy nisy, izay nif-. . . izay nifanohitra tamin'izany, ho toy ny tsy nisy. Nandeha toy ny hoe nahita an'Andriamanitra izy, ary izy—nino izy.

174 Niantso ny zavatra rehetra izy izay nilaza fa tsy izany izy, ny fandanjalanjana rehetra, ny zavatra hafa rehetra izay. . . Mety nilaza ny dokotera hoe, "Nahoana, ry Abrahama, antitra loatra ianao mba hanao an'izany." Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza ny amin'izay nolazain'ny dokotera, izay nolazain'olonkafa, izay nolazain'ny fisainany manokana, izay nolazain'ny zavatra hafa. Ny an'Andriamanitra no marina, dia nijanona tamin'izany izy.

175 Izany ilay taovam-panamboloana fahenina, ilay taovam-panamboloana ambony. "Andriamanitra, omeo ahy izany. Andriamanitra, avelao aho hanana betsaka an'izany," mba hikarakarana ny Vahoakany, izany no fivavako.

176 Aninkeo maraina, rehefa nitondra an'io zaza kely, mena volo io ilay reny, nitsangana teto, dia niraraka teo amin'ny takolany ireo ranomaso. Hoy aho hoe, "Inona ny olana, ranabavy?"

177 Hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, tratry ny aretin-drà izy."

Nahatsapa zavatra nitsangana aho. Oh! "Tena famonjena manatrika amin'ny androm-pahoriana Izy."

178 Teto vao tsy ela akory izay, nandeha teny an-dàlana izaho sy i Billy, namily fiara. Nandeha teny an-dàlana ny zazalahy mainty hoditra vitsivitsy, ary namily fiara nandeha mafy izy ireo. Ary nandòna fiara iray tamin'ny sisiny izy ireo, ka nihodina, nihodina, nihodina, ary nanipy an'ireo zazalahy rehetra teo amin'ny làlana. Ary tery tao ambanin'ilay fiara ny lehilahy kely iray, niaraka tamin'ny lamosiny niraikitra teo amin'ilay fiara. Nitsambikina nivoaka ireo zazalahy ary nanomboka nanarina azy. Hoy izy hoe, "Oh, azafady aza manao! Tapaka ny lamosiko! Aza manao! Hamono ahy ianareo! Hamono ahy ianareo! Aza manao an'izany!"

179 Dia hoy izy ireo hoe, "Oh, tsy maintsy esorinay miala amin'izany ianao. Mirehitra ilay izy."

180 Hoy izy, "Avelao. . . Aza ahetsika ilay izy. Manorotoro ahy ho faty ianareo! Aza manao an'izany! Aza manao an'izany!"

Nihorakoraka teo ambany teo aho hoe, "Anaka, Kristiana ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Tsia, tompoko."

Hoy aho hoe, "Tsaratsara kokoa aminao ny mivavaka."

Hoy izy hoe, "Eny, tompoko."

181 Nandeha niasa ilay taovam-panamboloana fahenina. Nandeha nankao aorian'ilay fiara aho. Ary tsy hahafantatra mihitsy aho alohan'ny Fitsarana. Fa, tampoka teo, dia

niharina io fiara io, ary niala teo aminy. [Nanapoapoaka ny rantsan-tànany Rahalahy Branham—Mpand.] Dia nitsambikina nitsangana izy ary nety tsara. Inona izany? "Famonjena manatrika iray amin'ny androm-pahoriana."

182 Niverina izahay avy tany amin'ny . . . Namily fiara teny amin'ny làlana ny ramatoa mainty hoditra iray, Plymouth vaovao iray, teo amin'ny efajato maily no teo aminy. Efa namily fiara tena nandeha mafy tsara mihitsy izy. Ary hitako ilay fiara. Nalentiny tao anaty hazo tanteraka ny vilebrequin-ny. Nijanona izaho sy i Billy. Efa nisy oram-panala, nalama ny làlana teo alohanay, saingy maina ilay izy tamin'io fotoana io. Ilay zazavavy . . . Nitsoka tena mafy ny rivotra, tany Minnesota, hany ka nitsoka an'ilay fiara niala izany. Tsaroanao izany, ry Billy. Nihazakazaka nidina nankeo aminy aho. Ary, teo, nipetraka teo izy. Hoy izy hoe, "Oh, eo am-pahafatesana aho. Eo am-pahafatesana aho." Niantso fiara mpitondra marary izy ireo.

183 Tonga ilay fiara mpitondra marary, ary nanana lehilahy maty iray izy ireo nandry taorian'ilay fiara mpitondra marary. Hoy izy, "Tsy afaka hitondra azy aho."

184 Ary noho izany dia hoy ilay tantsaha hoe, "Eny, andefaso olon-kafa iray, haingana. Eo am-pahafatesana ilay vehivavy."

Nanatona teo aho. Dia hoy aho hoe, "Ramatoa, iray minitra fotsiny."

185 Hoy izy hoe, "Oh, aza mikasika ahy, tompoko. Aza mikasika ahy. Ny lamosiko!"

186 Hoy aho hoe, "Ramatoa, Kristiana ve ianao?" Nijery ahy izy. Dia hoy aho hoe, "Mpitoritenin'ny Filazantsara aho. Eo am-pahafatesana ianao, ahoana ny aminao sy Andriamanitra?"

Hoy izy hoe, "Tompoko, te-hahitsy aho, ankehitriny."

187 Dia nandeha niasa ilay taovam-panamboloana fahenina. Nidina ny herin'Andriamanitra. Afaka nivoaka avy tao amin'ilay fiara izy, tsy nisy olona nanampy azy. Ny herin'Andriamanitra, manatrika, "Ilay tena famonjena manatrika amin'ny androm-pahoriana."

188 Mandeha amin'ny finoana isika. Velona amin'ny finoana isika. "Ny marina ho velona amin'ny finoana." Tahaka an'izany no tsy maintsy ivelomantsika. Firy no te-hanana betsaka an'ilay taovam-panamboloana fahenina, ambony?

Ndao àry isika hanondrika ny lohantsika, raha mivavaka isika.

189 Tompo sarobidy, Andriamanitray sy Rainay, tena tsara taminay Ianao. Ianao no manome anay taovam-panamboloana dimy mba ivelomana sy andehanana, eto amin'ity tany ity, na mba—mba hikasihana ny tany. Afaka mahatsapa zavatra izahay izay—izay ho kasihana, amin'ny tànanay, ireo zavatra azo tsapaina. Ianao no manome anay ny fandrenesana, mba

ahafahanay mandre. Tena faly izahay ny amin'izany, fa afaka mandre ny Tenin'Andriamanitra izahay, ary, amin'ny alàlan'izany, "Ny finoana dia avy amin'ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Mankasitraka izahay ny amin'ireo taovam-panamboloana enina ireo, Tompo. Enga anie izahay hitahiry azy ireo, amin'ny androm-piainanay rehetra.

190 Fa enga anie io taovam-panamboloana ambony io, enga anie ilay taovam-panamboloan'ny finoana, izay an'ny mpino, satria tsy maintsy manana an'izany izy mba hinoana. Tompo, omeo betsaka an'izany izahay. Oh, diovy izany, Tompo, ary zahao toetra izahay, ka fenoy amin'ny Fahatsaranao sy ny Herinao izahay. Aoka izahay handeha amin'ny androm-piainanay rehetra, amin'ny alàlan'ny taovam-panamboloana fahenina, amin'ny alàlan'ny taovam-panamboloan'ny finoana, izay nomen'i Jesosy Kristy irery ihany. Ho an'izany no ivavahanay, enga anie izahay hino fa mandray an'izany, tsy manana fisalasalana ao am-ponay, ary Ianao no nampanantena fa hiseho izany.

191 Ireo izay nanangana ny tànany, Tompo, mivavaka ho azy ireo aho. Manana ilaina izy ireo. Fantatrao hoe inona izy ireo. Mivavaka aho mba Hanaovanao azy ireo hiseho, ny tsirairay avy amin'izy ireo. Enga anie ho tanteraka izany, ny fanirian'izy ireo. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy aho. Amena.

> Finoana ny Ray, finoana ny Zanaka,
> Finoana ny Fanahy Masina, Iray ireo telo ireo;
> Hangovitra ireo demony, ary hifoha ireo mpanota;
> Finoana an'i Jehovah no hanozongozona ny zavatra rehetra.

192 Efa mba nandre an'izany ve ianareo, taloha? Ankehitriny tsy misy zava-maneno, iray minitra fotsiny . . . ? . . .

> Finoana ny Ray, finoana ny Zanaka,
> Finoana ny Fanahy Masina, Iray ireo telo ireo;
> Hangovitra ireo demony, ary hifoha ireo mpanota;
> Finoana an'i Jehovah no manao ny zavatra rehetra hihozongozona.

193 Marina izany. Oh, oadray! Finoana sarobidy! Finoana sarobidy, be voninahitra! Andriamanitra, omeo finoana aho. "Tamin'ny finoana, Abrahama. tamin'ny finoana, Isaka. Tamin'ny finoana, no nanoloran'i Abela ho an'Andriamanitra tsaratsara kokoa noho ny an'i Kaina; izy izay efa maty, kanefa mbola manambara foana." Oh, toy ny ahoana no ilantsika finoana! Tiako Izy. Mila finoana betsaka aho. Ny faniriako amin'ity fiainana ity, ary ho an'ity taona vaovao ho avy ity, dia finoana betsaka an'Andriamanitra. Andriamanitra, esory ny fisalasalana rehetra izay ao amin'ny fisainako, raha hisy anankiray hany hitsangana. Miady amiko i satana, miady aminareo izy, miezaka mitifitra amin'ny zana-tsipìkany izy. Fa

enga anie ilay ampingan'ny finoana ho eo anoloako isan'andro, mba hanoherana an'ireo fanangolen'ny devoly, mba handòna, hamono an'ireo lefom-pohiny mirehitra, izany no fivavako tsopo. Andriamanitra hitahy anareo.

194 Manana zavatra ho lazaina ve, Rahalahy Neville? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia, hanao filazana fotsiny indray."—Mpand.] Avia.

Ny Taovam-panamboloana Ambony MAG59-1227E
(A Super Sense)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 27 Desambra, 1959, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonampeo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2022 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org